

IMANDRESIARIVO

Ny ^o tantarany IMANDRESIARIVO ANDRIAMANITRA

- 1- Imandresiarivo Andriamanitra dia avy any Ankaratra atao hoe Tsiafajavona. Ankaratra dia ao andrefan'Ambohibatazana, andohan'ny rano atao hoe Ihazolava, ^o antsinanan'Imangidikely, ^o atsimony Miantsoarivo, avaratr'Antanivalo.
- 2- Tsiafajavona dia misy vohitra telo, dia izao :
 1. Tsiafajavona, 2. Tsiafakalika, 3. Isanganakolahy.
- 3- Andrianankaratra no anaran'ilay nitahiry an'Imandresiarivo Andriamanitra.
- 4- Tamin'Andriarbelomasina, dia nanambady tany Ankaratra Rabodotiana, zana-dRamahasinoro, zafin-dRamanjakaolona tao Iberavina.
- 5- Ary ny vadiny tany, dia Randriamialinarivo, zana-dRaombe, zafin'Andrianankaratra.
- 6- Tao ambany ^o antsinanin'Itsiafajavona no nitoerany. Ary nony maty io vadiny narahiny io, dia nody any Iberavina Rabodotiana (^o tany ny andronanjakan'Andrianampoininerina izany).
- 7- Tsy niteraka Rabodotiana. Ary nony maty ny vadiny ka nody an-tanindrazana izy, dia nentiny nianavaratra koa Imandresiarivo Andriamanitra.
- 8- Rehefa tonga ao Iberavina Rabodotiana, dia nanontanian'ny mpianakaviny hoe :
 - "Inona avy ary Ramatoa no mba azonao tany, fa nanan-bady lavitra hianao ?Dia namaly Rabodotiana hoe :
 - "Koa ho inona moa no ho azoko, fa ny vady narahina maty, ny tena tsy niteraka ; nefa na izany aza dia nahazo Andriamanitra hiangy aho, ka nentiko aty izy izao, fa izay azo no mba enti-mody.

L'Histoire de Divin IMANDRESIARIVO

Divin Imandresiarivo était originaire de l'Ankaratra, d'un sommet -1
appelé Tsiafajavona. L'Ankaratra est à l'ouest d'Anbohibatazana, à la
source de la rivière Ihazolava, à l'est d'Imangidikely, au sud de Mian-
tsoarivo, au nord d'Antanivalo.

Le Tsiafajavona est constitué de trois sommets : le Tsiafajavona, -2
le Tsiafakalika et l'Isanganakolahy.

C'est Andrianankaratra que se nommait celui qui avait gardé di- -3
vin Imandresiarivo.

A l'époque d'Andriambelomasina, Rabodotiana, fille de Ramahasinoro, -4
petite-fille de Ramanjakaolona de Beravina, se maria en Ankaratra.

Et son époux y était Randriamialinarivo, fils de Rdombe, petit-fils -5
d'Andrianankaratra.

C'est au bas du versant est du Tsiafajavona qu'ils demeuraient. Et -6
quand cet époux qu'elle avait suivi mourut, Rabodotiana revint à Beravina
(c'était pendant le règne d'Andrianampoinimerina).

Rabodotiana n'avait pas eu d'enfant. Et quand son époux mourut et -7
qu'elle revint au pays de ses ancêtres, elle emporta également avec elle
divin Imandresiarivo dans le nord.

Quand Rabodotiana fut arrivée à Beravina, ses parents l'interrogè- -8
rent ainsi :

- "Alors qu'en avez-vous rapporté, Madame, puisque vous vous êtes mariée
en pays lointain ?

Et Rabodotiana répondit :

- "Que voulez-vous donc que j'en rapporte, puisque le mari qu'on a suivi
est mort, et que soi-même on n'a pas enfanté ?

9- Dia taitra sady gaga ireo havany nanontany azy ka nanototra tsara ny filazàny hoe :

- "Nahazo inona ange ?

- "Nahazo Andriamanitra aho, hoy Rabodotiana.

- "Endre, ity kivazivazin-dRamatoa, hoy ny havany. Izy hono re, ka nahazo Andriamanitra ! Andriamanitra avy taiza anefa izany ?

Dia hoy Rabodotiana :

- "Andriamanitra tany °amy ny tany °nanambadianako.

Dia nanebaka azy ireo havany hoe :

- "Aiza hianao no hahita Andriamanitra irery noho ny olona ?

- "Sany manana ny vintany, hoy Rabodotiana, ka °apandainganareo aho. Tsy tsaroanareo angaha ilay ohabolandrazana hoe :

" Mandeha roa,

" Sahalàin'olombelona ;

" Mandeha irery,

" Sahalàin'Andriamanitra".

Ka tsy °hariana no azoko fa Andriamanitra.

10- Dia nifanpijery ny mpianakaviny, ka nanao hoe :

- "Tokoa ve izany lazainao izany e ?

Dia hoy Rabodotiana :

- "Tsy nilaza lainga aminareo aho, fa tsy azoko °hianboana izany raha tsy ananako.

11- Dia niteny indray ny mpianakavy hoe :

- "Mba aseho any ary izay Andriamanitrao Ramatoa mba ho hitanay.

Mais, malgré cela, j'ai quand même obtenu un Dieu, et je l'ai rapporté ici à présent, car il faut bien rapporter chez soi ce qu'on a pu obtenir.

Ses parents qui l'interrogeaient furent surpris et étonnés, et cherchèrent à être mieux fixés sur ce qu'elle disait, en demandant :

- "Que dites-vous que vous avez obtenu ?

- "J'ai obtenu un Dieu, dit Rabodotiana.

- "Oh ! Cette plaisanterie de Madame ! dirent ses parents. Dire qu'elle prétend avoir obtenu un Dieu ! Mais d'où vient donc ce Dieu ?

Rabodotiana répondit :

- "C'est un Dieu qui vient du pays où je me suis mariée !

Ces parents alors la raillèrent :

- "Où donc vous, plus que d'autres, auriez-vous seule trouvé un Dieu ?

- "A chacun son destin, dit Rabodotiana, et néanmoins vous me faites passer pour une menteuse. Auriez-vous oublié cette parole exemplaire des ancêtres qui dit :

"Allant de compagnie,

"on est jugé par les hommes ;

"Allant seul,

"on est jaugé par Dieu" (1); or ce ne sont pas des richesses que j'ai obtenues, mais un Dieu.

Ses parents se regardèrent et dirent :

- "Est-ce vraiment vrai, ce que vous dites là ?

Rabodotiana répondit :

- "Je ne vous dis pas de mensonge, car si je ne le possédais pas, je ne pourrais pas m'en vanter.

Ses parents demandèrent encore :

- "Montrez-nous donc ce qui est votre Dieu, Madame, que nous le voyions!

1) Ce texte exprime l'idée que les hommes ne peuvent juger que s'ils ont des références, s'ils peuvent faire des comparaisons. Quand on ne peut ni composer, ni utiliser ses références, seul Dieu peut juger, ou mieux jauger.

Rabodotiana :

- Mba va dia azo aseho foana ny Andriamanitra ?

Mpianakavy :

- "Inona re, Ramatoa, no ampisehoana azy ?

Rabodotiana :

- "Zava-tsarotra na fampisehoana azy, ka raha tsy ataonareo ny fombany, dia tsy ho hitanareo izy na dia hampiseho azy aza aho ; fa Andriamanitra tsy hita-maso izy, raha tsy voalamina sy tonga eo avokoa ny fomba hampisehoana azy.

Mpianakavy :

- "Inona ary no fombany fampisehoana azy, fa te-hahita azy izahay ?

Rabodotiana :

- "Ny fombany, tompeko, dia hasinina ^o any ny vola-tsivaky izy sy amononombinalaza.

Mpianakavy :

- "Endre ! Hay Andriamanitra tokoa, fa handray hasina sy ho tandraña omby ?

Rabodotiana :

- "Moa ataonareo ho Andriamanitra kitoatoa, na kilaingalainga, fa tsy marina.

Mpianakavy :

- "Marina ary izany, fa hanasina azy sy hanono omby izahay, nefa atao ahoana moa ?

Rabodotiana :

- "Olona fito no indray manasina azy, ka sany mandroso ariary 1 avy ireo, fa raha tsy izany dia tsy hohita eo izy.

12- Dia nitsangana izy fito tao an-trano (mpianakaviny hiany, -telo lahy, 4 vavy) ka sany nanasina vola ariary 1 avy, ary ny tsy nanam-bola dia nivoaka, fa hoy Rabodotiana:

- "Aza nivoaka foana hianareo na dia tsy manam-bola aza, fa efa tonga ity ny hasina fito, ka hangatahiko aminy mba hahita azy koa hianareo. Fa Andriamanitra tsy mandà izay angatahiko izy, fa izay tenenin'ny

Rabodotiana :

- "Voyons, est-ce que l'on peut, sans raison, montrer les Dieux ?

Les parents :

- "Que faut-il alors, Madame, pour le faire apparaître ?

Rabodotiana :

- "C'est chose difficile que de le faire apparaître. Et si vous n'accomplissez pas ses exigences, vous ne le verrez pas, même si je le montre. Il est en effet, un Dieu qui reste invisible, tant qu'on n'a pas préparé et rassemblé tout ce qu'il faut pour le faire apparaître.

Les parents :

- "Que faut-il donc pour le faire apparaître, car nous voulons le voir ?

Rabodotiana :

- "Voici ce qu'il faut faire, Messieurs : lui offrir le hasina de la monnaie-sans-défaut et lui sacrifier un boeuf malaza.

Les parents :

- "Vraiment ! Ainsi c'est un vrai Dieu qui va recevoir le hasina et à qui on va faire don d'un boeuf ?

Rabodotiana :

- "Croiriez-vous donc que ce ne soit un Dieu que par hasard ou par jeu et non en vérité ?

Les parents :

- "Admettons donc que vous avez dit vrai, maintenant nous allons lui offrir le hasina et lui sacrifier un boeuf, mais comment s'y prendre ?

Rabodotiana :

- "Il faut que sept personnes lui offrent en même temps le hasina et chacune d'entre elles doit présenter une piastre, car s'il n'en est ainsi, on ne le verra pas.

Sept des personnes qui étaient dans la maison (tous étaient de ses parents - trois hommes et quatre femmes) se levèrent et chacune d'elles offrit un hasina d'une piastre ; et celles qui n'avaient pas d'argent commencèrent à sortir, mais Rabodotiana dit :

- "Il n'est pas nécessaire que vous sortiez, même si vous n'avez pas d'argent, puisque voici réunis les sept hasina, et je vais lui demander que vous puissiez vous aussi le voir. Il est, en effet, le Dieu qui ne refuse pas ce que je lui demande, et ce qu'énonce ma bouche et qui pourrait

vavako ka hahasoa ahy, dia omeny ahy, fa izy nilaza hoe : "Asehoy ny havanao aho", ka izany no ampisehoako azy aminareo ; fa raha tsy manaiky izy, dia tsy hohitanareo, na oviana na oviana, fa Andriamanitra tompon'ny fiafenana izy, mpanjakan'ny tsy hita-maso.

13- Fa tsy fitiavako ny hahazo ny vola ^o aman-karianareo tsy akory no itenenako hoe, "hasino izy", fa fanambinana ho azonareo, fa Andriamanitra mitahy izay manasina azy izy ; ka sambatra tokoa hianareo fa manasina azy.

" Fa tsy nba vazimba tsy mitahy izy,

" Ka handray ny akohom-bahoaka",

Fa Andriamanitra mitahy ny zavatra rehetra, ka izay fanafody anbarany dia mahasitrana ; fa tompon'Ankaratra izy, ^o mpanjakany Sanganakolahy, ary manana any Tsiafajavona sy Tsiafakalika, ka mahatazana ny avaratra, mahajery ny andrefana, mahita ny ^o antsinanina.

14- Zanahary niseho ao ^o any ny foiben'ny tany izy, ka tsy takona afoanina, tsy niery avony. Andriamanitra miseho ho mpanjakan'ny tany, ka izy no andrian-tompon'ny nosy, ka hasehoko aminareo, fa hiseho ny heriny ka aza natahotra hianareo : Fa ny andro anie izao ka maina fa mitsidika ny lohataona e ; nefa raha mitsidika izao Andriamanitra, dia ho tonga ny heriny manaraka azy, nefa tsy hanono tsy handratra. Hery telo no hasehony amin'izao ho hitanareo, dia ny varatra sy ny havandra ary ny ranbon-danitra.

15- Dia nifampijerijery ny tao an-trano, raha nilaza izany Rabodotiana, ka nizara roa ny hevitr'izy rehetra. Hoy ny sasany ilay matahotra :
- "Aoka ny tenabeny hiany no hiseho ho jerentsika, fa ny heriny tsy hitranga.

Ary hoy kosa ilay natoky :

- "Aleo ny heriny no miseho toy izay ny tenany hiany.

m'être bénéfique, il ne l'accorde parce que c'est lui-même qui a dit : "Présentez-moi à vos parents", et que c'est pour cela que je vais le faire apparaître devant vous. Mais s'il refuse, vous ne pourrez nullement le voir, car il est le Dieu maître des retraites, roi de l'invisible.

Ce n'est pas du tout à cause de mon désir d'obtenir votre argent et vos richesses que je vous dis de lui offrir le hasina, ^{c'est} pour les faveurs que vous en obtiendrez, car il est le Dieu qui bénit ceux qui offrent le hasina et vous êtes vraiment heureux de pouvoir ainsi lui offrir le hasina. En effet :

" Il n'est nullement le vazimba qui ne bénit pas,
 " Alors qu'il aurait reçu les coqs offerts par le peuple",
 mais le Dieu qui bénit toutes choses ; et le remède qu'il révèle, a pouvoir de guérison ; de même, étant le maître d'Ankaratra, le roi d'Isanganakolahy, et possédant Tsiafajavona et Tsiafakalika, il peut apercevoir le nord, regarder l'ouest et découvrir l'est.

Il est le Zanahary apparu au centre de la terre, et cherchant à le voiler, on n'arrive pas à le dissimuler, cherchant à le cacher, on n'arrive pas à le masquer. Il est le Dieu qui se présente en roi de la terre, et c'est lui qui est le prince-maître de l'île. Je vais donc le manifester à vos yeux et sa force va se manifester, alors n'ayez pas peur : Comme vous le voyez, le temps est sec en ce moment car le printemps commence ; néanmoins si Dieu nous rend maintenant visite, sa force viendra à sa suite aussi, mais sans tuer ni blesser. C'est trois pouvoirs qu'il va manifester aujourd'hui pour que vous le voyez : la foudre, la grêle et la trombe.

Dans la maison, les gens se regardèrent, quand Rabdotiana eut dit cela, et ils se partagèrent en deux courants d'opinion. Certains, pris de peur, dirent :

- "Il nous suffirait que son corps apparaisse, que nous le voyons, mais que sa force ne se manifeste pas."

Et les autres, confiants, dirent :

- "Il est préférable que sa force se manifeste plutôt que son seul corps

16- Ary dia niteny Rabodotiana hoe :

- "Ny heriny sy ny tenany dia miara-miseho, fa iza moa no hanaja izay osa sy hanome voninahitra ny malemy sy hitoky amin'izay tsy manankery?

17- - "Marina izany, hoy ilay matoky ao an-trano, fa hianao vehivavy aza hijery ny heriny, ka maika izahay lehilahy. Asehoy tompokovavy izany Andriamanitra : zany.

18- Dia nampicirana azy amin'izay Rabodotiana ka nanao hoe :

- "Misiaka (nisiaka) amin'izao hianareo ^o lehilahy rehetra.

19- Dia nisiaka ny lehilahy, ka indro fa niseho voalohany ny varatra sy ny helatra nomba azy, ka efa nikotrokotroka erỳ.

20- Raha vao lasa indray ny varatra, dia indro tonga teo ny havandra sy ny fanala nomba azy, ka raiki-kovitra ny hatsiaka erỳ ny tao antrano na ilay lohataona mafana iny aza.

21- Ary nony lasa indray ireo, dia indro niseho ny rambon-danitra, ka nanaraka azy ny rivotra sy ny tadio, ka nisapotipotina sy nifofofoto efa izaitsizy erỳ, nefa tsy nanimba zavatra na nandrava ny trano akory, na dia tafiditra tao an-trano aza.

22- Indray maharasa-bary no nisehoan'Imandresiarivo sy nanaovany ireo zavatra mahatalanjona ireo, dia lasa izy ka tony tsara indray ny andro.

23- Rehefa lasa Imandresiarivo Andriamanitra, dia afaka koa ny tahotra ireo olona ireo, fa Andriamanitra mpanome toky moa Imandresiarivo. Dia samy nampiseho ny hafaliany avokoa ny tao an-tanàna rehetra, na lahy na vehivavy, ka nanao ilay hira hoe :

Et Rabodotiana dit :

-16

- "Sa force et son corps se manifestent ensemble, car qui donc respecterait ce qui est faible, honorerait ce qui est mou et placerait sa confiance en ce qui n'a aucune force ?

- "C'est vrai, dit le porte-parole de ceux qui dans la maison, avaient confiance ; et si même vous, une femme, vous allez regarder sa force, à plus forte raison nous qui sommes des hommes. Madame, faites apparaître ce Dieu.

-17

Rabodotiana leur demanda alors de se préparer et dit :

-18

- "Vous, les hommes, sifflez tous maintenant.

Les hommes sifflèrent et voici qu'apparut d'abord la foudre et l'éclair qui l'accompagnait. Et quel coup de tonnerre !

-19

La foudre était à peine partie, et voici qu'arriva la grêle et le froid qui l'accompagnait: tous ceux qui étaient dans la maison furent saisis par un froid irrésistible alors même que le printemps était chaud.

-20

Et quand ces choses furent parties, voici qu'apparut la trombe, et le vent et le tourbillon la suivirent, tournant et virant sans cesse, soufflant violemment sans mesure mais sans rien abîmer et sans ébranler la maison, quoiqu'ils y soient entrés.

-21

C'est dans le temps qu'il faut pour cuire le riz, qu'Imandresiarivo s'était manifesté et avait accompli ces choses surprenantes. Il partit et le temps fut à nouveau bien serein.

-22

Dès que divin Imandresiarivo fut parti, ces gens-là furent aussi délivrés de la peur, puisqu'aussi bien Imandresiarivo était le Dieu dispensateur de la confiance. Et tous les villageois, hommes ou femmes, manifestèrent leur joie, et chantèrent le chant dont les paroles sont les suivantes :

-23

- 24- " Tonga Andriamanitra Imandresiarivo,
" Mampiseho ny heriny,
" Mampitranga fitiavana.
" E ! Andriamanitra mahery Imandresiarivo,
" Tompon'Ankaratra ;
" Mpanjakan'ny varatra,
" Mpanjakan'ny havandra,
" Mpanjakan'ny rambon-danitra.
" Andriamanitra mahery indrindra,
" Mpanjaka manan-kery tsy azo resena fa mpandresy.
" Andriamanitra tsy roa manjaka Imandresiarivo.
" Tompon'ny tany,
" Manam-be ho zaraina e.
" Fiarovam-baratra,
" Fa tompon'ny varatra,
" Fiarovan-tadio,
" Fa tompon'ny rivotra".

25- Ireo hira ireo no averimberiny eo, ka Rabodotiana no mpiventy, ary ny mpianakavy no mpanaraka.

26- Ary rehefa masaka ny nahandro, dia mitsahatra ny mpihira, ka mi-ara-homana eo izy mianakavy, ka samy falifaly. Ary asiana harom-pitososona koa eo, ka atao ao anatiny ny trafokena sy ny tratra-kena ho anjaran-Imandresiarivo Andriamanitra. Fatratra ny ^o fihinany Imandresiarivo ny hena ao anati-harona, fa tsy hita akory izay hinanany azy dia lany tsy afa-tsarona, fa hany rè dia ny fidiran'ny rivotra ao an-trano ; nefa nony mivoaka ny rivotra, dia tsy mitondra na inona na inona, ary tsy mi-paoka mafy ny olona ao an-trano, fa ny ^o fiahinoana ny tadio tafiditra sy ny fihetsiketsiky ny zavatra ao an-trano no amantara, fa tafiditra hisakafo Imandresiarivo Andriamanitra.

- 24
- " Voici le Dieu Imandresiarivo,
 " Manifestant sa force,
 " Témoignant de son amour.
 " Certes ! Imandresiarivo est un Dieu puissant,
 " Maître de l'Ankaratra ;
 " Roi de la foudre,
 " Roi de la grêle,
 " Roi de la trombe,
 " Dieu tout puissant,
 " Roi dont la force est invincible, parce qu'il est le vainqueur.
 " Imandresiarivo est le Dieu qui règne sans pareil.
 " Maître de la terre,
 " Il a beaucoup à partager.
 " Il protège de la foudre,
 " Car il est maître de la foudre.
 " Il protège du tourbillon,
 " Car il est maître du vent.

Ce sont ces paroles de chant qu'ils ne cessèrent de répéter ; Rabo- -25
 dotiana était le coryphée et ses parents le choeur.

Quand le repas était cuit, les chanteurs s'arrêtaient. Toute la -26
 famille mangeait ensemble et tous étaient contents. L'on prenait aussi
 une corbeille septuple à l'intérieur de laquelle on plaçait la part de
 divin Imandresiarivo : de la bosse et de la poitrine. La façon dont Iman-
 dresiarivo mangeait cette viande qui était à l'intérieur des corbeilles
 était surprenante ; en effet, on ne le voyait même pas la manger et elle
 était épuisée sans que le couvercle ait été soulevé. Et la seule chose que
 l'on entendait, c'était l'entrée du vent dans la maison. Pourtant quand le
 vent sortait, il n'emportait rien et, il ne souffletait pas non plus vio-
 lement les gens qui étaient dans la maison. Et c'est par le bruit du tour-
 billon qui était entré et le tremblement des choses qui étaient dans la
 maison, que l'on reconnaissait que divin Imandresiarivo était entré pour
 prendre son repas.

- 27- Rehefa miditra ao an-trano ny tadio, dia fantatra fa Imandresiarivo Andriamanitra izay, ka dia mampanandroso azy ny ao an-trano hoe :
- "Mandrosoa tompoko e".
Ary misakafy koa izy dia mampihinana azy ny ao an-trano hoe :
- "Hano, tompoko. Masina Andriamanitra". etc.
- 28- Rehefa avy nihinana izy ka mivoaka, dia alaina io saronankarona nofencina hena be io, ka lany teo avokoa ny hena teo.
- 29- Ary indraindray raha mbola misy tsy lany eo, dia hanin'ny vehivavy mitady zaza io, dia manan'anaka izay vehivavy homana azy. Ary raha tonga folo-volana dia manao kambana aza ny sasany.
- 30- Ny anaran'io sisa tsy lany io dia atao hoe : sisan-janahary - (na sisan'Andriamanitra).
- 31- Rehefa teraka ny olona nihinana'ny sisan-janahary, dia mangataka anarana ^o amy ny Imandresiarivo Andriamanitra vao tononina amin'izay anarana omeny azy.
- 32- Ka izao no anarana fanomeny ny zaza toy izany : raha lehilahy dia ataony hoe "Lehinomenjanahary", ary raha zaza-vavy dia ataony hoe "Isoanjanahary" ; ary indraindray dia atao hoe : "Itolojanahary", "Ranomenjanahary", "Razotaminimandresiarivo", etc.
- 33- Dia hita amin'izany, fa miankina ^o amy ny anaran'io Andriamanitra io avokoa ny anaran-jaza izay angatahina aminy, ary saiky manana anarana miankina amin-janahary avokoa ny ankizy madinika ao Iberavina.
- 34- Io Andriamanitra Imandresiarivo io, dia nafenin'izy mianakavy tao an-trano hiary, nefa nony tato aoriana, dia ren'Andrianampoinimerina ny lazany, ka dia nampanalainy ny zokiny aman-drainy tao Beravina (1) ka izao no fakàny azy :

1) Ms : tao tao Beravina

Dès que le tourbillon entra dans la maison, on savait que c'était divin Imandresiarivo, et on l'invitait à entrer dans la maison en disant :

- "Entrez, Monsieur !"

De même pendant qu'il mangeait, les gens de la maison l'encourageaient à manger en disant :

- "Mangez, Monsieur ! Saint est Dieu" etc...

Dès qu'il venait de manger et qu'il sortait, on prenait ces corbeilles gigognes qu'on avait précédemment remplies d'une grande quantité de viande, et on constatait que toute la viande avait disparu.

Et parfois quand il en restait encore, les femmes qui désiraient des enfants la mangeaient. Et ces femmes qui en avaient mangé, étaient enceintes. Et après la période de dix-mois, certaines avaient même des jumeaux.

On donnait à ces restes, le nom de restes de Zanahary (ou : restes de Dieu).

Quand les personnes pour lesquelles on avait mangé les restes de Zanahary étaient nées, on demandait un nom à divin Imandresiarivo, puis on les nommait par le nom qu'il leur donnait.

Et voici les noms qu'il donnait habituellement à ces enfants : si c'était un garçon, il l'appelait "Garçon donné par Zanahary", et si c'était une fille, il l'appelait "Belle de Zanahary" ; et parfois, on disait : "Présent de Zanahary", "Don de Zanahary", "Obtenu auprès d'Imandresiarivo", etc...

L'on voit ainsi que le nom des enfants qu'on lui avait demandés dépendait du nom de ce Dieu et les petits enfants de Beravina portaient presque tous un nom qui dépendait de Zanahary.

Ce Dieu Imandresiarivo, cette famille le tint secret chez elle ; cependant, plus tard, Andrianampoinimerina entendit parler de lui ; aussi fit-il venir les doyens de Beravina. Et voici ce qu'il leur dit à cette occasion :

35- - "Avy maka anareo havako aho mba hiara-mihevitra amiko izay hahasoa ity tany sy fanjakana ity ; fa tsy adidiko izaho samirery, fa ^onapek'Andriambelomasina sy ny 12 Manjaka, ka adidiko izaho sy hianareo havako rehetra.

36- Dia namaly Rairadomanana, lehibe tao Beravina hoe :

37- - "Tarantitra aza-marofy, mifanatera ^oany ny Ambanilanitra hianao Andrianampoinimerina. Raha avy izay angalànao anay havanao, mihevitra izay hahasoa ity tany sy fanjaka ity, dia mba hilaza ny fantatray izahay. Izahay dia efa nikasa hanatona anao rahateo na dia tsy nampanalainao aza, hitondra an'Andriamanitra Imandresiarivo vao azonay aty aminao ; nefa natahetra izahay fandrao mitondra lainga aminao mpanjaka, ka nandramanay sy natsapaina tsara aloha izay asa vitany rehetra vao no entina aty aminao. Koa efa roa taona nipàka izay no nizahàn-toetra azy, ka tsy nisy lainga izay rehetra nataony, fa tena Andriamanitra marina, Zanahary tsy mamitaka Imandresiarivo, fa tò avokoa izay lazainy ; ka vao izao izahay no sahy sy matoky hitondra azy aty aminao, fa aty aminao no fanaterana ny soa rehetra, izay tsy misy lainga sy fitaka, fa ny marina. Nefa tsy izahay ireto no ^omitona azy, fa ao ny mitàna (mitahiry) azy.

38- Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Iza no mitàna azy ?

Dia hoy Rairadomanana :

- "Rabodotiana (vehivavy manano-tena, tompoko) no mitàna azy.

39- Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Alao Rabodotiana, ka asaovy entiny aty amiko koa ny Andriamanitra Imandresiarivo.

- "Je viens vous chercher, vous mes parents, pour que vous vous penchiez avec moi sur ce qui pourrait être bénéfique à cette terre et à ce royaume. En effet ce n'est pas à moi seul qu'Andriambelomasina et les Douze Régnants en ont confié la responsabilité, mais à moi et à vous tous qui êtes mes parents. -35

Alors Raindradomanana, l'un des grands de Beravina, répondit : -36

- "Parvenez à la vieillesse préservé de la maladie, vieillissez au milieu des Ambanilanitra, vous Andrianampoinimerina. Comme vous nous avez fait chercher, nous vos parents, pour délibérer de ce qui serait bénéfique à cette terre et à ce royaume qui sont vôtres, eh bien nous dirons ce que nous savons. Nous, nous avons déjà envisagé auparavant de venir vous voir, même si vous ne nous aviez pas fait chercher, pour vous apporter ici Dieu Imandresiarivo que nous venons d'obtenir. Toutefois nous avons craint de vous apporter le mensonge, à vous le Roi ; aussi avons-nous d'abord fait des essais et des expériences pour bien voir quels étaient les différents travaux qu'il était capable d'accomplir, avant de vous l'apporter. Maintenant cela fait déjà deux ans révolus qu'on l'a mis à l'épreuve. Et rien de ce qu'il a accompli ne fut tromperie, car Imandresiarivo est vraiment un vrai Dieu, un Zanahary qui ne trompe pas ; tout ce qu'il dit est vrai. Aussi n'est-ce que maintenant que nous osons avec confiance vous l'apporter, car c'est à vous que l'on apporte tout ce qui est bien, ce qui est sans mensonge ni tromperie, mais juste. Toutefois ce n'est pas nous qui sommes ici qui le détenons ; il a son gardien. -37

Andrianampoinimerina dit :

- "Qui donc le détient ? -38

Raindradomanana dit :

- "C'est Rabodotiana (une veuve, Monsieur) qui le détient.

Andrianampoinimerina dit :

- "Allez chercher Rabodotiana et dites lui aussi de m'apporter le Dieu Imandresiarivo. -39

- 40- Dia nampanalaina Rabodotiana ^otamy ny andro Talata ary nony Alakamisy dia tsy mbola nivoaka izy, fa andro tsy fivoahan'Andriamanitra io. Ary nony Alakamisy vao nivoaka izy. Dia tonga eny Antananarivo ka min'io andro io hiany izy, nefa efa hariva loatra ka tsy tafahaona ^otamy ny Andriana.
- 41- Ary nony Zoma, dia mbola tsy nihaona ^otamy ny Andriana hiany izy, fa andro tsy fivoahan'Andriamanitra koa io ka nijanona izy, fa nony Asabotsy maraina vao Tafahaona ^otamy ny Andriana Rabodotiana, ka hoy izy :
- 42- - "Izaho dia nampàka anao tsy an-katezerana na an-keloka, fa nialaza ireto ny zokiny aman-drainy manao hoe : Rabodotiana no mitàna an'Andriamanitra, ka mba te-hijery izany Andriamanitra tànanao izany aho.
- 43- Dia hoy Rabodotiana :
- "Marina izany Andrianampoinimerina, fa na dia vehivavy aza aho, ka alainao hiara-hihevitra sy hampiseho ny Andriamanitra aminao Mpanjaka hiany, dia misaotra Andriana aho. Nefa Andriamanitra saro-pady anie izy e, ka raha tsy hasinina dia tsy hita-maso.
- 44- Dia noraisin'Andrianampoinimerina ny vola ariary 1, tana-masoandro, dia nololohaviny, sady niteny izy hoe :
- "Avy manasina ny Andriamanitrao aho mba ho Andriamanitro".
- 45- Ary nony voaray ny hasina, dia hoy Rabodotiana :
- "Andriamanitra mahery anie Imandresiarivo e, sady efa renao koa ny zanany, ka soa dia hatahotra hianao raha hijery azy sy ny asany ?
- 46- Dia hoy Andrianampoinimerina :
- "Izaho tsy matahotra, fa ny mahery no tiako indrindra, ka raha tsy mahery tsy oneko voninahitra ; fa he ange :
" Be ny hazo,
" Ka ny ambora no fanao trano",
ka na maro aza ny Andriamanitra, ny mahery sy masina hiany no tanaoko sy hajaiko.

Et l'on fit chercher Rabodotiana le mardi. Le mercredi, elle ne -40
partit pas encore, car ce n'était pas un jour de sortie du Dieu. Et ce ne
fut que le jeudi qu'elle sortit. Elle arriva à Tananarive ce même jour,
mais il était déjà si tard qu'elle ne put avoir une entrevue avec le Sou-
verain.

Et le vendredi, elle n'eut pas encore d'entrevue avec le Souverain, -41
car ce jour n'était pas non plus un jour de sortie du Dieu ; aussi s'abs-
tint-elle de se déplacer. Et ce ne fut que le samedi matin que Rabodotiana
eut une entrevue avec le Prince, qui lui dit :

- "Moi, si je vous ai fait chercher, ce n'est ni par colère, ni -42
pour une faute, mais parce que les doyens m'ont dit : "C'est Rabodotiana
qui détient le Dieu" ; et j'aimerais bien voir ce Dieu que vous détenez.

Et Rabodotiana dit : -43
- "Cela est vrai, Andrianampoinimerina, et maintenant si en dépit de mon
état de femme, vous m'avez fait venir pour délibérer avec vous qui êtes
le Roi et pour vous montrer le Dieu, j'en rends grâce au Prince. Sachez
néanmoins que c'est un Dieu dont les interdits sont contraignants, si bien
qu'il ne se laisse voir que si on lui offre le hasina.

Andrianampoinimerina prit alors une pièce d'une piastre, la piastre -44
aux rayons de soleil, la tint en la plaçant sur sa tête tout en disant :

- "Je viens offrir le hasina à votre Dieu pour qu'il devienne mon Dieu !"

Et quand elle eut reçu le hasina, Rabodotiana dit : -45
- "Sachez bien qu'Inandrasarivo est un Dieu puissant ! et d'ailleurs
vous avez déjà entendu parler de lui ; ne craindriez-vous pas de prendre
peur si vous le voyez, lui et son oeuvre ?

Et Andrianampoinimerina dit : -46
- " Moi, je n'ai pas peur, car ce sont les puissants que je préfère ; et
je n'honore que les puissants; vous savez bien :
" Il y a beaucoup d'arbres :
" Mais seul le bois-tambo sert à faire des maisons",
et même si les Dieux sont nombreux, je ne conserve et n'honore que ceux
qui sont puissants et saints".

47- Dia hoy Rabodotiana :

- 'Rehefa tianao ary ny Andriamanitra mahery, dia hasehoko amina izy, nefa 30 loka sam hafa ny asa vitany, dia izao :

- 1 - Mahalatsa-baotra na dia main'andro aza.
- 2 - Mahatonga rañon-dànitra na mitòny tsy misy rivotra aza ny andro.
- 3 - Mahatafiaitry tadio ao an-trano.
- 4 - Mahalatsaka lavandra tsy misy orana hamono fahavalo.
- 5 - Manavaky ny vatojampy lehibe hampiseho ny heriny.
- 6 - Mahalatsaka orana lohataona.
- 7 - Mahamasaka hatina tsy andrahoina.
- 8 - Mampirehitra lo amboni-rano.
- 9 - Mitendra olona any anati-rano maharitra iray volana, nefa tsy maty na noana.
- 10 - Mahajamba ny fahavalo izay mamoly ny matoky azy.
- 11 - Fanchemandry malaza ny ratsy ataon'olona, na loza hoavy.
- 12 - Mahafindra fetaka-za any an'ala ho tonga aty an-tanàna.
- 13 - Manone zaza ny vehivavy izay mihinana ny sisany.
- 14 - Mpandrava ny vitany ny fahavalo izay hanchitra anao.
- 15 - Mpanaiky ny fahavalo hanatona izay mitàna azy.
- 16 - Fandresy be, na sendra misy be noho vitsy.
- 17 - Mahay mampitra ga loharano amin'izay tiana hasiana.
- 18 - Mitsena ny Andriamanitra rehetra hitahy izay mitahiry azy.
- 19 - Mahalatsaka futàra, mampiseho ny heriny.
- 20 - Tsy maty vono ny mitàna azy, -dora-tsy may, atàin-tsy mi-rehitra etc.
- 21 - Milevina manak' gatra ny mitàna azy.
- 22 - Mahalàny ny vatojampy, toy ny ^o fihina-katsaka ny mitàna (mpitahiry) azy.

Rabdotiana dit :

- "Si donc vous aimez les Dieux puissants, je vous le montrerez. Auparavant je dirai les trente travaux qu'il peut accomplir :
- 1 - Il fait tomber la foudre même par temps sec.
 - 2 - Il fait venir les trombes, même si le temps est serein sans le moindre vent.
 - 3 - Il fait rentrer les tourbillons dans les maisons.
 - 4 - Sans qu'il y ait de pluie, il fait tomber la grêle pour tuer les ennemis.
 - 5 - Il fend les grands rochers pour montrer sa force.
 - 6 - Il fait tomber la pluie au printemps.
 - 7 - Il cuit la nourriture sans qu'on la mette sur le feu.
 - 8 - Il allume du feu à la surface de l'eau.
 - 9 - Il conduit les gens au fond de l'eau pendant un temps qui peut durer un mois, et ils ne sont ni morts ni affamés.
 - 10 - Il aveugle les ennemis qui combattent ceux qui lui font confiance.
 - 11 - Il est l'alarme qui annonce le mal que font les gens, ou le malheur à venir.
 - 12 - Il déplace les pieds d'arbres qui sont dans la forêt pour les faire venir ici à la ville.
 - 13 - Il donne des enfants aux femmes qui mangent ses restes.
 - 14 - Il est le destructeur des desseins des ennemis qui veulent s'opposer à vous.
 - 15 - Des ennemis, il obtient qu'ils se soumettent à qui le détient.
 - 16 - Il donne la victoire sur le grand nombre, quand on tombe sur des ennemis plus nombreux que soi.
 - 17 - Il sait faire jaillir une source là où l'on désire qu'il y en ait.
 - 18 - Il entraîne tous les Dieux à bénir qui le garde.
 - 19 - Il fait tomber des météores pour manifester sa force.
 - 20 - Ceux qui le gardent ne meurent pas sous les coups ; attaqués par le feu, ils ne brûlent pas, mis sur un bûcher, ils ne flambent pas, etc.
 - 21 - Enterrés, ses gardiens peuvent ressortir à la surface.
 - 22 - Ceux qui le détiennent (ses gardiens) dévorent les rochers de la même façon qu'ils mangent le maïs.

- 23 - Mampihiratra ny jamba izay mivavaka aminy izy.
- 24 - Mahazina ny taona izy, ka miaro ny havandra sy ny orana tsy ho be loatra.
- 25 - Maniraka ny heriny hilaza atỳ^o amy ny olona mahatoky azy, izay toetry ny ady an' an-tany lavitra izy, na ho soa na ho ratsy.
- 26 - Mampahery n' ombalahin'izay matoky azy izy.
- 27 - Mahamaina n' andro sy nahalatsak'orana amin'izay matoky azy izy.
- 28 - Mahamaro ny rahoaka izay mitàna azy izy, fa izy no manome zaza ny vehivavy.
- 29 - Manome anarana ho an'ny zaza nomeny izy.
- 30 - Miakatra an' an-danitra indray andro sy midina etỳ antàny indray andro izy, ka milaza ny soa sy ny ratsy ; ka ny soa ambarany ny ao tanàna ary ny ratsy alainpàditra, ary ny faditra atao dia izy hiany no milaza.

48- Izany no asany, ka tsy azo afenina aminao Mpanjaka.

49- Dia hoy Andriamampoinimerina :

- "Izany mahery izany tsy hain'ny osa tanana, ary ambony ka tsy hain'ny ambany ho hazonana ; fa he, be ny fahefàny ary ambony ny lazany. Koa dia misaotra anao ho raha tsy anafenanao ny soa ; ary izao dia tsy ho azo hampisehoana avokoa ireo asany rehetra ireo, fa maro loatra ka izao efa-doha izao no tiako haseho ho vavolom-belon'ny heriny :

I - Ny fahatongavany ny varatra,

II - Ny fahatongavany ny rambon-danitra,

III - Ny fidiran'ny masoandro ato an-dapako,

IV - Izay hahalemy ity vato ity ho toy ny menaka.

50 - Dia hoy Rabodotiana :

- "Mora aminy izany tonpoko, fa tsy sarotra akory, ka ho fohaziko izy izao", dia izao no namohany azy :

- 51- " Mifohaza ry Imandresiarivo Andriamanitra ;
" Imandry tsy natory,
" Hahatò volana sy tsy hampandainga ahy,
" Ka aseho ny varatra.
- 52 - Dia nilatsaka niaraka amin'izay ny varatra, ka ~~nifotokotoka~~ ny nanelatselatra tao an-trano (an-dapa) rehetra ao, nefa tsy nandratra na nanimba ny tao an-dapa izy.
- 53- Dia hoy indray izy :
- "Aseho ny rambon-danitra.
- 54- Dia nitsoroka ao an-dapa ny rambon-danitra, ka efa nisapotipotina erỳ, nefa tsy nampaninona ny tao an-trano.
- 55- Dia hoy indray izy :
- "Aidiro ny masoandro.
Dia niditra ny masoandro ka tsy nampaninona ny tao an-trano.
- 56- Dia hoy indray izy :
- Lemeo ity vatolampy ity.
Dia nalemy toy ny menaka ny vatolampy.
- 57- Rehefa hitan Andrianampoinimerina avokoa ireo fahagagana^o nataony Mandresiarivo Andriamanitra ireo, dia talanjona sy gaga tery izy, ka nanao hoe :
- 58- - "Ity no An riamanitra tokoa, fa tsy misy Andriamanitra mahavita izany asa vitany izany, sady manam-pahefana tsy misy^o toazy ka ho Andriamanitro izy"
- 59- " Ary ny am n'ao Rabodotiana dia aza malahelo, fa tsy ataoko vitam-bola^o aman-kariana izao soa vitanao amiko izao, fa ataoko soa^o manàko tantarina hianao. Ary tsy mati-manota hianao sy ny taranakao, raha izaho sy izay terako no manjaka, raha tsy mikomy manao andrian-droa

- 23 - Il rend la vue aux aveugles qui le prient.
- 24 - Il fait les années d'abondance en protégeant des excès de la grêle et de la pluie.
- 25 - Il envoie sa puissance annoncer aux gens qui lui font confiance, quelle tournure, bonne ou mauvaise, prend la guerre en pays lointain.
- 26 - Il donne la victoire aux taureaux de ceux qui lui font confiance.
- 27 - Pour ceux qui lui font confiance, il peut, à leur gré rendre le temps sec ou pluvieux.
- 28 - Il accroît le peuple qui le détient, car c'est lui qui donne des enfants aux femmes.
- 29 - Il donne un nom aux enfants qu'il a donnés.
- 30 - Un jour, il monte au ciel, un autre jour, il descend sur terre et annonce le bien et le mal ; le bien il le révèle aux gens du village ; et aussi le mal qu'il fait exercer, et ce qu'il faut faire pour l'exorcisme, c'est aussi lui qui le dit.

Voilà ce qu'il fait, et l'on ne peut vous le celer, à vous le Roi. -48

Et Andrianampoinimerina dit :

- Un tel puissant, les faibles ne savent le détenir ; et comme il est supérieur, les inférieurs ne peuvent le retenir. Car voyez, ses pouvoirs sont grands et supérieurs sa renommée. Aussi je vous remercie de ne pas m'avoir célébré le bien. Et maintenant on ne pourra faire voir tout ce qu'il peut accomplir, car il y en a trop. Aussi voici les quatre faits dont j'aimerais voir la manifestation en témoignage de sa force.

I - Comment il fait tomber la foudre,

II - Comment il fait venir la trombe,

III - Comment il fait entrer le soleil dans mon palais,

IV - Comment il ramollirait cette pierre afin qu'elle semble de la graisse.

Rabodotiana dit :

- "Cela lui est facile, monsieur, et en aucune façon difficile. Aussi vais-je maintenant le réveiller", et voici comment elle le réveilla.

" Réveillez-vous ô divin Imandresiarivo ;
" Celui qui dort mais est éveillé,
" Pour authentifier mes paroles et ne pas me faire mentir,
" Aussi montrez la foudre".

Et la foudre tomba aussitôt, grondant longuement et jetant des éclairs à travers toute la maison (le palais), mais sans blesser personne ni rien abîmer de ce qui était dans le palais.

Elle dit à nouveau :
- "Montrez la trombe".

La trombe pénétra dans le palais par le haut, tournant et virant sans cesse, mais sans conséquence pour les gens qui étaient dans la maison.

Elle dit encore :
- "Faites entrer le soleil".
Le soleil entra, mais sans conséquence pour les gens à l'intérieur.

Et elle dit encore :
- "Ramollissez ce rocher",
et le rocher devint aussi mou que la graisse.

Quand Andrianampoinimerina eut vu tous ces miracles accomplis par divin Mandresiarivo, quel ne fut son étonnement et sa surprise. Et il dit:

" En voilà un qui est un vrai Dieu, car il n'y a pas de Dieu qui puisse réaliser tout ce qu'il a fait, et il possède un pouvoir qui n'a pas son pareil. Aussi sera-t-il mon Dieu.

" Et en ce qui vous concerne Rabodotiana, réjouissez-vous, car ce bien que vous avez fait pour moi, je ne me contenterai pas d'argent-et-de-richesses pour vous le rendre, mais je vous doterai d'un bien dont vous pourrez à l'avenir raconter l'histoire. Vous et votre descendance serez de "ceux qui ne meurent pas s'ils fautent", tant que moi et ma

sy mananik'andry malàma (maka vadin'Andriana) hianao, fa raha tsy izany heloka (1) 12 izany, dia tsy matiko ; ka ananinao an' Andriana Imerina dia laza aty amiko, fa raha tokony ho vidina dia izaho no hio vidy ; raha tokony hangatahina dia izaho no hangataka. Ary aza mampita po hianao Rabodotiana, fa izaho no solon-dray aman-dreninao. Ary raha kosa no mba didy atao aminao sy ny taranakao raha diso ^o amy ny heloka 12 : Tsy alatsa-à hianareo, fa gadràna kofehy fa tsy mba kofehy vy, fa havako sy tenako. Ary fankatoavako ny lalàna no anaovako izany aminareo, fa ny mahafinaritra ahy, dia ny mba hifamaly soa ny taranakao sy ny taranako.

60- Ary izao dia maly loatra ny foko, ka indry aloha ny vola ariany 300 (to-kazo sy tana-masoandro sy volangita) oneko anao. Ary ny isan-pangady oneko anao dia vary 100 isan-taona. Ary ny Andriana na hova any dia mandoa iray vata isan'ny 300 anetra ho anao.

61- Izany no didir'Andrianampoinimerina nomeny an-dRabodotiana. Dia nitsangana nanasina Andriana Rabodotiana, raha nahazo valim-pitia lehibe ^o tany ny Manjaka toy izany.

62- Rehefa vita ny hasina, dia niteny indray ny Manjaka hoe :
- "Inona avy ary no fadin'ity Andriamanitra be fahefana ity ?
Dia hoy Rabodotiana :
- "Zavatra folo hiany no fadiny, tompoko, nefa sarotra fa mafy loatra no mahazo izay manilaka izany, ka aoka ho izaho mitahiry azy hiany no hifady, fa tsy ho zakan'olona afa-tsy izaho irery izany. Kenoy ange ny loza azon'izay ota-ady e : Maty, ary ny tsy vonoiny dia jamban'ny marenina, moana, bola etc.

1) Ms : leloka

descendance, nous règnerons, à moins que vous ne vous révoltiez en proclamant un autre roi, en escaladant l'enceinte royale et en grimant au pillier lisse (en prenant une épouse du Prince). En effet, à moins de ces 12 crimes (1), je vous innocenterai. Aussi quoi que vous désiriez obtenir de l'Emyrne, dites-le moi ; et s'il faut l'acheter, c'est moi qui l'achèterai ; s'il faut le demander, c'est moi qui le demanderai. Et n'ayez aucun remords, Rabdotiana, car je serai celui qui remplacera votre père-et-votre-mère. Et voici maintenant ce que l'on vous appliquera à vous et à vos descendants si vous êtes coupables des douze crimes : on ne versera pas votre sang, mais on vous chargera de liens ; ce ne seront pas des liens de fer, car vous êtes mes parents et ma chair. Et c'est par respect de la loi, que j'en agis ainsi avec vous, car ce qui me plaît, c'est que votre descendance et la mienne se rendent l'une à l'autre le bien.

Et maintenant mon cœur déborde de joie et voici pour commencer -60
une somme de trois cents piastres, (piastre à l'arbre unique, piastre aux rayons de soleil, et piastre à la frisée) que je vous donne. Et de l'impôt-par-bêche, je vous donnerai 100 mesures de riz chaque année. Et les gens de Beravina, nobles ou hommes libres, doivent vous verser une mesure par groupe de 300 manses tributaires".

Voilà ce qu'Andriampoinimerina^a décidé en faveur de Rabdotiana. -61
Alors Rabdotiana se leva pour offrir le hasina au Prince, quand elle eut de la sorte reçu du Prince une aussi grande marque d'affection.

L'offrande faite, le Roi reprit la parole : -62
- "Quels sont donc les interdits de ce Dieu aux grands pouvoirs ?
Rabdotiana dit :
- "Ses interdits ne sont qu'au nombre de dix, Monsieur, mais comme les sanctions qui frappent celui qui les transgresse, sont trop dures, permettez qu'il n'y ait que moi qui le garde, qui aie à observer ses interdits ; en effet nul autre que moi ne serait capable de les supporter. Ecoutez donc les malheurs qui frappent ceux qui ne respectent pas les interdits. Ils meurent, et ceux qui ne meurent pas, deviennent aveugles, fous, sourds, muets, lépreux, etc."

63-

Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Te-hiravaka ny nifiny ve aho, tsy hamono ny mamba;
 - "Ta-hamindro, ka tsy hanao ny afo,
 - "Ary ta-hanana ny soa vitany ve aho, ka tsy hitandrina ny didiny".
- Ka lazao re Rabodotiana ny fadiny, fa izaho koa hitandrina izany.

64-

- "Eny ary, hoy Rabodotiana, fa ho lazaiko ny fadiny, dia izao :
- 1 - Tsy homan-tongolo sy beroberoka sy ana-tarika.
- 2 - Tsy miditra an-paty.
- 3 - Tsy idiran'ombilazo (hazo) sy °andrarezona sy °ombiaty sy borona ny trano misy azy.
- 4 - Tsy mihinan-kisoa sy osy sy ondry sy sifotra sy patsa.
- 5 - Tsy mifampiar-boho-mandry.
- 6 - Tsy mitahiry fitaratra vaky.
- 7 - Tsy mihinam-tary ny vehivavy indroandro raha tsinana ny Alakaosy.
- 8 - Tsy mitsio-bary mahamay, na dia miendaka aza ny lela fa miaritra.
- 9 - Tsy mahazo milaza hoe : resy, resy, na inona na inona hita miady ka resy ny anankiray.
- 10 - Tsy azo itsidihana ny trano misy azy, fa vantana idirana, fa raha mitsidika fotsiny, dia boka-molotra na boka-sofina, vilam-bava. Ireo ary, Tompoko, no fadiny ka ambara aminao.

65-

Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Misaotra anao aho, fa efa reko izao, ka tandremo tsara toy ny anak' andriamaso ary, fa vitsy ireo, nefa mafy loatra ; koa (1) dia hianareo

1) Ms : Kaa.

Alors Andrianampoinimerina dit :

-63

- "Je voudrais me parer de ses dents, et je ne tuerais pas le crocodile ?

" Je voudrais me réchauffer, et je ne ferais pas de feu ?

" Je voudrais posséder ses bienfaits, et je n'observerais pas ses lois ?
Aussi dites-moi, Rabodotiana, ce que sont ses interdits afin que je les respecte.

- "C'est entendu, dit Rabodotiana, je vais vous dire ses interdits ; les voici :

-64

1 - Ne manger ni oignon ni laiteron ni amarante.

2 - Ne pas entrer dans une maison mortuaire.

3 - Dans la maison où il demeure, on ne peut faire entrer ni ombilazo (un arbre) (1), ni andanaise, ni vermonie, ni borôna.

4 - Ne manger ni porc, ni chèvre, ni mouton, ni escargot, ni crevette.

5 - Ne pas se tourner le dos quand on dort.

6 - Ne pas conserver de miroir brisé.

7 - Les femmes doivent jeûner deux jours durant, quand se lève la lune du Sagittaire.

8 - Ne pas haleter quand on se brûle avec du riz, même si la langue en est pelée, mais le supporter patiemment.

9 - On n'a pas le droit de dire : "vaincu, vaincu", à quelque combat que l'on assiste et où l'un est vaincu.

10 - On ne peut se contenter de paraître à la porte de la maison où il demeure, mais on doit entrer directement, car si on se contente de se présenter à la porte, on en attrape la lèpre aux lèvres, ou aux oreilles, ou alors on a la bouche tordue.

Voilà donc Monsieur, ses interdits ; vous êtes prévenu.

Andrianampoinimerina dit :

-65

- "Je vous remercie de ce que je viens d'entendre. Observez les biens comme la prunelle de vos yeux car s'ils sont en petit nombre, ils sont

1) Richardson indique que l'ambilazo qui est peut-être également l'ambilozona est utilisé par les Sakalava et les Betsileo pour des charmes.

hiany no mitandrina azy, fa raha mitandrina hianareo havako dia isan' ny mitandrina koa aho.

- 66- Dia nisaotr'Andriana ny zokiny aman-drainy, sady niloka sy nanome toky Roa izy, fa hifady tsara ireo zavatra ireo hankato ny tenin' Andriana sy hanaraka tsara ny ^odidiny Imandresiarivo Andriamanitra.
- 67- Ary nony afaka dimy volana dia nisy ady tao Antanamalaza ; dia ^onasiany Mandresiarivo ny vara-maina sy ny tadio sy ny havandra, ka rava ny trano ary ny mponina tao an-tanàna dia novoasan'ny havandra ka ritra.
- 68- Dia niaiky an'Andrianampoinimerina Antanamalaza, ka tsy nitsangan-defona intsony, sady nanao hoe :
- "An'Andrianampoinimerina ny fanjakana, fa be ny fiarovan'Andriamanitra azy, ka isika atỳ an-trano tsy mahita trano ipetrahana, ka andeha isika ho any amin'Andrianampoinimerina, fa azy ny tany, fa Imandresiarivo no namely antsika.
- 69- Dia nahery Andrianampoinimerina, ka noroahiny ny mponina sasany, tao Ambohinanala ary ny sasany nandevoziny ary ny sasany namidy, ary ny haren'ny dia nobahoina ka nomena ny Tsimahafotsy, ary ny tany nametrahany ny Tsimiamboholahy.
- 70- Izany no ^oheriny Imandresiarivo. Ary nalaza tokoa ny nampisehoany ny heriny tamin'Andrianampoinimerina raha nentina hanafika izy.

bien contraignants. Aussi est-ce pour cela que vous serez seuls à les observer et si, vous mes parents, vous les observez, je serai aussi du nombre de ceux qui les observent.

Et les doyens rendirent grâces au Prince. De plus, ils s'engagèrent à bien respecter ces interdits pour bien obéir à la parole du Prince et bien suivre les décisions de divin Imandresiarivo, et ils en donnèrent l'assurance. -66

Et cinq mois plus tard, il y eut une bataille à Antanamalaza. Mandresiarivo y utilisa le tonnerre sans pluie, les tourbillons et la grêle. Aussi les maisons furent-elles détruites et, épluchés par la grêle, les habitants qui étaient au village furent exterminés. -67

Alors Antanamalaza reconnut Andrianampoinimerina, cessa de lever les sagaies et dit : -68

- "Le pouvoir appartient à Andrianampoinimerina, car la protection de Dieu lui est totalement acquise. Nous qui sommes chez nous ne trouvons plus de maison où demeurer. Aussi allons trouver Andrianampoinimerina, parce que la terre est à lui et que c'est Imandresiarivo qui nous a frappés.

Victorieux, Andrianampoinimerina se mit à chasser de leur pays certains habitants d'Ambohimalaza (1) ; il en asservit d'autres et en vendit également ; quant à leurs richesses, elles furent pillées et données aux Tsimahafetsy ; et sur leurs terres, il installa les Tsimiamboholahy. -69

Telle fut la puissance d'Imandresiarivo. Qu'il ait ainsi manifesté sa puissance à l'époque d'Andrianampoinimerina lorsqu'on l'emmenait -70

1) Ce passage d'Antanamalaza à Ambohimalaza (cf. aussi § 76) alors qu'apparemment il s'agit toujours du même épisode d'Antanamalaza, s'explique-t-il par le fait qu'Ambohimalaza étant plus connu qu'Antanamalaza, son nom est venu plus facilement sous la plume du copiste ? A moins qu'il ne s'agisse d'une confusion entre deux événements, l'un concernant Antanamalaza l'autre un Ambohimalaza, qui ne pourrait être le village des Andrianampokoindrindra étant donné ce que l'on nous dit ici (installation de Tsimiamboholahy).

- 71- Dia nody tamin-pifaliana ny Tsimahafotsy sy ny Ambaniandro, fa nanana Andriamanitra mahery, ka nahery.
- 72- Dia izao no hira nataony :
- " Imandresiarivo Andriamanitra e, tsy resy an'ady !
 - " Mpandresy tokoa e, mpanome babo azo mora,
 - " Andriamanitray e, Andriananaharinay !
 - " E soa, fa avy nandresy tsy miady !
 - " Zanaharinay olom-belona e, fiarovan'ny Mpanjaka !
 - " E soa, fa nanana any Mandresiarivo,
 - " Ka ny fahavalo natao tsy ho resy e, babo fa nanana azy.
- 73- Dia averimberiny io hira io ambara-pahatapitry ny andro iray manontolo. Dia samy nody am-pifaliana izy, fa ny Mpanjaka nahazo tany soa, ary ny vahoaka nahazo babo tsy niady.
- 74- Ary nony tonga teny Antananarivo, dia nanasina an'Imandresiarivo Andriamanitra ny vahoaka ary omby 400 kosa nomen'ny Manjaka hilaonana azy.
- 75- Lehibe ny hafalin'ny Mpanjaka tamin'io andro io, ka nitabataba tamin-kafaliana ny vahoaka hanaja any Imandresiarivo Andriamanitra, noho ny soa vitany. Vory hifaly avokoa ny vahoaka, na lahy na vavy, nefa samy enina anjara-hena, na andriana na hova na kely na lehibe na manjaka ty.
- 76- Izany no hery lehibe ^o nasehony Mandresiarivo tamin'Andrianampoinimerina raha niady tamin'Ambohimalaza.
- 77- Koa na aiza na aiza tany misy fahavalo iadian'Andrianampoina diaentina any koa Imandresiarivo handresy ny fahavalo.

dans les expéditions guerrières, resta célèbre.

Les Tsimahafotsy et les Ambaniandro revinrent joyeusement, car ils possédaient un Dieu puissant, qui avait vaincu. -71

Et voici le chant qu'ils composèrent en cette occasion : -72

" Divin Imandresiarivo est invincible au combat !
" Vainqueur sans conteste, fournisseur de faciles captifs.
" C'est notre Dieu, notre Andriananahary !
" Béni soit-il, car il vient de vaincre sans combat.
" C'est notre Zanahary à nous les hommes, la protection du Roi,
" Nous avons été bénis, car nous avons Mandresiarivo,
" Et les ennemis que l'on croyait invincibles sont devenus notre butin, parce que nous l'avions.

Ils répétèrent sans cesse ce chant pendant toute une journée. -73
Ils rentrèrent tous chez eux dans la joie, car le Roi y avait gagné de belles terres, et le peuple y avait gagné des captifs sans avoir combattu.

Et, lorsqu'ils arrivèrent à Tananarive, le peuple offrit le hasina à divin Imandresiarivo, tandis que le Roi donnait quatre cents boeufs pour lui faire fête. -74

Grande fut la joie du Roi en ce jour, et le peuple manifesta bruyamment sa joie afin d'honorer divin Imandresiarivo pour ses bienfaits. Tout le peuple, hommes ou femmes, était réuni pour les réjouissances, et cependant chacun fut comblé par sa part de viande, qu'il fût noble, libre, petit, grand ou noir. -75

C'est ainsi que Mandresiarivo manifesta sa grande puissance à l'époque d'Andrianampoinimerina, quand celui-ci combattait à Ambohimalaza. -76

Par suite, en quelque lieu où il y avait des ennemis que se battit Andrianampoina, on y emmenait aussi Imandresiarivo pour vaincre les ennemis. -77

- 78- Mpanasitrana ny marary koa Imandresiarivo Andriamanitra. Koa raha marary Andrianampoinimerina na ny Zanak'Andriana na ny vahoaka, dia izy no manasitrana azy.
- 79- Rehefa hita an'Andrianampoinimerina ireo soa lehibe vitan'Imandresiarivo ireo, dia niteny any Lehidama I izy hoe :
- "Ry Lehidama ô, ry sombin'ny aiko ! Handeha aho ity, fa antsoin'Andriamanitra ho any an-danitra ; ka indro ny fanjakana hapetrako amin'Ialahy, ary ny farany any Imavo. Ka sambatra Ialahy, fa ^ohotronon'ny Ombalahy be-maso ; ka tiavo ireo fa aza atao ambanin'olontiana. Fa izaho no nanjaka (1) anie, ireo no nampanjaka ahy (niantso ny Andriamanitra maro). Ka ireo ny Andriamanitra apetrako amin'Ialahy, fa tsy entiko hanaraka ahy ; koa sambatra sany nanjaka Ialahy lehiroa, fa tsy naterako fa nakohako, ka nomen'Andriamanitra ity tany sy fanjakana ity".
- 80- Dia notanany eo an-tsorony indray Lehidama I, ka notsiofiny rano hoe :
- "Hahaleo anie Ialahy, ry sombin'aiko, hahazaka anie Ialahy ; Tsy/hanomo hena-
tra ny 12 Manjaka anie ialahy, fa hahaleo ity tany sy fanjakana ity!"
- 81- " Ary indreo ny Andriamanitra, ka sany hajao sy omeo voninahitra, fa aza ovàna ny fonlany, fa hampanjaka sy hanasina an'Ialahy izy, fa tsy misy tany tsy ar-pandriany ^oamy ny zoron-tàny valo, fa raha misy nandà an'Ialahy, izaho anie tsy handao an'Ialahy, ka matokisa ry Lehidama Sombin'aiko !"

1) Ms : izaho no nanjaka.

Imandresiarivo le Dieu, était aussi le guérisseur des malades. -78
Aussi, lorsqu'Andrianampoinimerina ou les Princes ou le peuple étaient malades, c'était lui qui leur rendait la santé.

Quand Andrianampoinimerina eut constaté ces grands bienfaits d'I- -79
mandresiarivo, il fit les recommandations suivantes à Lehidama I :

" O Lehidama, ô parcelle de ma vie ! Voici que je vais partir, car Dieu m'appelle pour aller au ciel ; aussi voici le pouvoir, je le remets entre Tes mains, et à la fin ce sera pour Mavo. Tu es heureux, parce que Tu seras assisté par les Taureaux-au-puissant regard. Aussi aime-les et ne les mets pas à un rang inférieur à celui des gens que l'on aime. Car saches que si c'est bien moi qui ai régné, ce sont eux qui m'ont fait régner (il parlait de l'ensemble des Dieux). Ce sont eux, mes Dieux, que je Te confie, car je ne les emporterai pas dans ma suite. Et Tu es heureux entre tous ceux qui ont régné, ô Toi, parce que je ne T'ai pas engendré, mais mis au monde par mon souffle, et que Dieu t'a donné cette terre et ce royaume".

Il posa alors la main sur l'épaule de Lehidama I et le bénit en -80
disant :

- "Puisses-tu être capable de disposer du pouvoir en souverain, ô Parcelle de ma vie, puisses-Tu être capable d'en supporter les charges, puisses-Tu ne pas faire honte aux Douze Régnants, et être capable de disposer en souverain de cette terre et de ce royaume".

" Et voici mes Dieux ; respecte et honore chacun d'eux, mais ne -81
change rien à leurs traitements, parce que ce sont eux qui Te feront régner et T'offriront le hasina et qu'il n'y a pas de pays qu'ils ne gardent en paix aux huit angles de la terre. S'il en est qui refuse Ton autorité, Moi assurément, Je ne T'abandonnerai pas ; aie donc confiance, ô Lehidama, Parcelle-de-na-vie !"

- 82- Ary nony (1) afaka iray volana no ^o nitenenany Andrianampoinimerina izany dia niamboho izy, ka any Ambohimanga no nanafenana azy fa hoy izy raha nbola tsy niamboho :
- "Izaho dia hody any amin'Andriambelomasina any Ambohimanga, fa andrao dia mati-maso Ambohimanga, fa tany ilevenan'ny ray soa tsy ho hadinoina. Ary hianao kosa ry Lehidama dia eto Antananarivo no hodianao ^o any ny farany.
- 83- Dia Lehidama I indray no nanjaka (2) solon'ny 12 Nanjaka.
- 84- Raha vao hanjaka Lehidama I, dia naka any Imandresiarivo sy ny Andriamanitra rehetra izy hitsio-drano azy.
- 85- Rehefa voahosotra hanjaka iray volana Lehidama I, dia maty Rabodotiana (ilay mpitahiry any Imandresiarivo) ; dia Rafaralahimanana indray no nisolo azy.
- 86- Dia nolazaina ^o tany ny Manjaka hoe :
- "Maty Rabodotiana, ka lasa nanaraka ny 12 Nanjaka.
- Dia hoy Lehidama I :
- "Ny omby tsy amonoana izy, fa mihohoka ny tany aman-danitra, fa lasan' Andrianampoinimerina namory izy. Ka indry ny lambamena 20 sy vola ariary 400 andevenako azy ; ka ny Andriamanitra no ataovy tsara taiza.
- 87- Ary indro hianao Rafaralahimanana : Hianao no mitàna any Imandresiarivo Andriamanitra, ka aza ovàna ny fitondràna ^o tany ny 12 Nanjaka, fa izay nahamasina azy mba ataovy hahamasina ahy, fa izaho no fanovan' ny 12 Manjaka ka izay nataony tamin-dRabodotiana kosa dia tsy ovàko fa ataoko mihoatra aza.

1) Ms : ony.

2) Ms : najaka.

Et un mois après qu'Andrianampoinimerina eut fait ces recommanda- -82
tions, il trépassa, et ce fut à Ambohimanga qu'on l'ensevelit car il avait
dit avant de trépasser :

- "Moi, je retournerai auprès d'Andriambelomasina, à Ambohimanga de crain-
te qu'Ambohimanga soit sans postérité ; c'est là la terre où est enterré
le père si bon qu'on ne peut l'oublier. Quant à vous, ô Lehidama, c'est
ici à Tananarive que vous reviendrez à la fin".

Lehidama I régna à son tour, remplaçant des Douze-Régnants. -83

Lorsqu'il allait recevoir le pouvoir, Lehidama I fit venir Iman- -84
dresiarivo et tous les Dieux pour qu'ils le bénissent.

Lehidama I avait reçu depuis un mois l'onction qui lui permettait -85
de régner lorsque mourut Rabodotiana (la gardienne d'Imandresiarivo). Ce
fut Rafaralahimanana qui la remplaça.

L'on dit au Roi : -86

- "Rabodotiana est morte, elle est partie suivre les Douze-Régnants.

Lehidama I dit :

- "Les boeufs, on ne lui en sacrifiera pas, parce que le ciel et la terre
sont prosternés et que c'est Andrianampoinimerina le rassembleur qui l'a
emportée. Aussi voici de ma part vingt linceuls et une somme de quatre
cents piastres pour ses funérailles. Et maintenant, prenez bien soin de
mon Dieu.

Et vous voici Rafaralahimanana : c'est vous qui détenez Imandre- -87
siarivo, mon Dieu ; ne changez rien à la conduite que vous aviez depuis
les Douze-Régnants, et ce qui les a sanctifiés, faites-le également pour
me sanctifier, car c'est moi qui suis le substitut des Douze-Régnants ;
et quant à moi, je resterai fidèle à ce qu'ils ont fait pour Rabodotiana,
et j'en ferai même bien plus.

88- Fa matokisa hianareo terak'Iberavina sy Ratsitantanina, mpitahiry ny Andriamanitro, fa ny soa vitan'Andrianampoinimerina tamin-dRabodotiana, dia afindrako aminao Ratsitantanina, fa ny Andriamanitro no ataovy tsara tahiry, ary ny hariny no ampandrosoy^o any ny marina sy ny hitsiny, fa izaho kosa no solon-dray aman-dreninareo, ka hampitombo fitiavana anareo. Ka mahereza mivaraka^o any ny Imandresiarivo Andriamanitra ho ahy sy ho an'ny taniko sy fanjakako fa izaho tsy hanova ny marina efa vitan'Andrianampoinimerina tamin-dRabodotiana, fa hataoko mitombo aza ny soa hataoko aminao, fa ny Andriamanitro no tandremo tsara ary ny didiny no lazao aty amiko, ka aza somina aho, fa Andriantompoinareo.

89- Raha nahare izany Ratsitantanina, dia faly ka nisaotra Andriana ; ary rehefa vita izany, dia nanome toky Andriana izy hoe :
- "Toky no omeko anao Mpanjaka, fa teo anatrehan'Andrianampoinimerina aho tsy nikely sooka fa nanao izay tratry ny aina, ^omaika fa izao, fa hianao no solon'ny 12 Nanjaka, sy fanovan'ny ombalahy be maso. ^oNotà Andrianampoinimerina soroka hitàna ity tany sy fanjakana ity.

90- Ka matokisa ry Lehidama I, fa sanatria anao izay hitsangamenatra fa manana any Imandresiarivo ; fa ny tsy manana azy no mitsanga-menatra ; ary tsy mba kamboty hianao ry Laidama fa manana Andriamanitra tsara sy be fahasoavana.

91- Fa Imandresiarivo Andriamanitra anie ry Lehidama e, tsy mba tantan'ny ela, fa vao maika mitombo hery sy Voninahitra ! Ka ny fiadanana sy ny laolao no ataovy tsara, fa manan-toky sy hery hianao manana azy ;

Ayez donc confiance, vous le lignage de Beravina et vous Ratsitan-
tanina (1), qui gardez mon Dieu, car les bienfaits que Rabodotiana reçut
d'Andrianampoinimerina, je vous les transfère à vous Ratsitantanina. Mais
prenez bien soin de mon Dieu ; et sa force, faites-la progresser dans la
voie du vrai et du juste. De mon côté, je vous serai celui qui remplace
père-et-mère, et pour vous j'augmenterai mon affection. Aussi redoublez
d'ardeur pour prier divin Imandresiarivo en ma faveur et en faveur de ma
terre et de mon royaume, car je ne changerai rien à ce qu'à juste titre
Andrianampoinimerina a fait pour Rabodotiana, mais je ferai même en sorte
qu'augmente le bien que je vous ferai. Mais prenez bien garde à mon Dieu,
et rapportez-moi ses décisions. Ne cachez rien par déférence, car je
suis le Prince-que-vous-servez.

Quand Ratsitantanina eut entendu cela, il se réjouit et rendit
grâce au Prince ; et, cela fait, il lui donna cette assurance :
- "Je puis vous donner, à vous le Roi, cette assurance que, n'ayant pas
ménagé ma peine et ayant fait tout ce qu'il était en mon pouvoir de faire
du vivant d'Andrianampoinimerina, à plus forte raison le ferai-je mainte-
nant puisque c'est vous qui êtes le remplaçant des Douze-Régnants et le
substitut du taureau-au-puissant-regard. Andrianampoinimerina vous a tenu
par l'épaule pour que vous teniez cette terre et ce royaume.

Aussi ayez confiance, ô Lehidama I, car vous serez épargné ce qui
provoquerait votre honte, car vous avez Imandresiarivo ; mais ce sont
ceux qui ne l'ont pas qui sont victimes de la honte. Et vous n'êtes pas
orphelin, ô Laidama, car vous avez un Dieu bon et providentiel.

Sachez, ô Lehidama, que divin Imandresiarivo ne peut être ravagé
par les ans, mais qu'au contraire sa puissance et son honneur ne cessent
de croître ! Aussi prenez plutôt du bonheur et des divertissements, car
l'ayant, vous avez et une assurance et une force ; et quoi que vous vou-

1) D'après le texte, Radama commence par s'adresser à Rafaralahimanana, puis
poursuit son discours à l'intention de Ratsitantanina. La suite prouve que
c'est Ratsitantanina qui fut le gardien du palladium, que Ratsitantanina
mourut sous Rascherina (§ 150) et que Rafaralahimanana lui succéda (§ 151).
Il convient donc de penser qu'il faut, dans les § 85 et 87, lire Ratsitan-
tanina au lieu de Rafaralahimanana.

ka na inona na inona tianao hatao, dia ampandreneso izahay hilaza^o any ny Imandresiarivo, fa tsy mihambo manan-kery hianao ry Lehidama Manjaka.

92- Fa Imandresiarivo anie no tsy laitry ny bala, doran-tsy may, atao tsy mirehitra e ! Ka manjakà amin-piadanana, fa Imandresiarivo tsy mba handaingana fa milaza ny marina aminay ho lazainy aminao.

93- Rehefa nahare ny tenin-dRatsitantanina Lehidama I, dia nisactra azy. Rehefa vita izany, dia hoy izy :
- "Efa hitako ny herin'Imandresiarivo Andriamanitra ; nefa aho izao dia mila vavolombelona, raha tsy miova fa mitombo ny heriny, dia izao no tiako ka angatahiko^o any ny Imandresiarivo Andriamanitra : Mbatohana a loharano miboiboika eo Ambanin'Amparihy aho, fa raha mitsangatsangana eny Ambohipotsy aho, dia te-hahita loharano miboiboika eo ampoan'ny vatolampy.

94- Dia hoy Ratsitantanina :
- "O, ry Lehidama ! zavatra mora no nilaina fa tsy sarotra akory na hoy aza hianao : Ataovy mirehitra ny vato hataoko kitay tsy mety levona, dia vita izany. Ka indrindra fa izay hampiboika loharano. Maniraha olona nibe-ry azy izao hianao fa na dia tsy tany aza aho, dia indro efa tonga ao izay notadiavinao fa mipoiboboika ny loharano.

95- Dia naniraka olona Lehidama hizaha azy, ka indro nipoaka ao ampo-voan'ny vatolampy ka niseho tao ny loharano niboiboika mahafinaritra. Dia nilaza izany^o tam'ny Lehidama ny iraka ka faly izy, ka nanao hoe :
- "Mitombo tokoa izany ny herin'ny Andriamanitra, fa tsy mihena ka faly aho noho io fahagagana vitany androany io.

liez faire, faites nous le savoir que nous le disions à Imandresiarivo, car ce n'est pas en vain, ô Lehidama Roi, que vous vous glorifiez d'avoir de la puissance.

Sachez, en effet, qu'Imandresiarivo est imperméable aux balles, qu'il ne brûle pas quand on l'attaque par le feu, qu'il ne flambe pas quand on le met sur un bûcher ! Réglez donc, heureux et paisible, car Imandresiarivo ne saurait mentir ; il nous dira ce qui est vrai pour que nous vous le disions.

Quand Lehidama I eut entendu les propos de Ratsitantanina, il le remercia. Ceci fait, il lui dit :

- "J'ai déjà pu constater la force d'Imandresiarivo, mon Dieu ; mais, maintenant, j'ai besoin de preuves pour savoir si sa force n'a pas changé, mais au contraire augmenté. Voici donc ce que je désire et que je demande à mon Dieu Imandresiarivo : J'aimerais avoir une source bouillonnante en contrebas d'Amparihy, car quand je me promène à Ambohipotsy, j'aimerais voir une source bouillonnante au milieu du grand rocher lisse.

Ratsitantanina dit :

- "Oh ! Lehidama ! c'est une chose si facile à satisfaire, et qui ne présente aucune difficulté, même si vous aviez dit : Rends la pierre combustible pour que je puisse en faire un combustible qui ne peut se réduire en cendres, et qu'il aurait été fait. Raison de plus s'il ne s'agit que de faire jaillir une source bouillonnante. Envoyez quelqu'un pour le voir maintenant, car, quoique je n'y sois pas allé, voici qu'y est arrivé ce que vous recherchez, et déjà la source y jaillit bouillonnante.

Lehidama dépêcha quelqu'un pour le vérifier, et voici qu'un éclat était parti du centre du grand rocher et qu'y était apparue une source bouillonnante qui faisait plaisir à voir. L'envoyé le rapporta à Lehidama, qui en fut heureux et dit :

- "Il est donc vrai que la puissance de mon Dieu augmente au lieu de diminuer, et je suis content de ce miracle qu'il a réalisé aujourd'hui,

- 96- Ary ao loha no io dia natao hoe "Locharanon'Imandresiarivo", no anarany mandrak'androany, fa ny tsy nahalala ny tantarany kosa no manao azy hoe : loharano tsara ao Anbatolampy.
- 97- Ary rehefa vita izany fahagagana nataon'Imandresiarivo Andriamanitra izany, dia hoy indray Lehidama :
- "Mbola maniry zavatra anankiray koa alo ka manao fanononana izay no lazain'Imandresiarivo Andriamanitra, ka asaovy lazainy anako izao raha mahalala ny zavatra rehetra izy, -ary tsy miova hery sy fomba izy : dia noa no anaran'Antananarivo tao aloha, fony tanin'Andriamasinavalona ?
- 98- Dia nilaza tany teo inasen'ny be sy ny maro Imandresiarivo Andriamanitra hoe :
- "Ny anaran'Antananarivo vonohany ry Lehidama, dia "Anjalamanga". Tany nataoko io, ary ny maha ^oAntaninarivo azy, dia ^oanivony Imerina ary foiben'ny tany sy tendrombohitra lehibe tazan'ny manodidina ka isan'ny no ^onanaovan'Andriamasinavalona azy hoe "Antanananinarivo-lehy". Ary neny taty aoriana dia notsorina ny anarany, ka natao hoe Antananarivo.
- 99- Dia faly Lehidama I, fa nilaza ny zavatra tsy hita-maso Imandresiarivo Andriamanitra.
- 100- Rehefa vita izany, dia hoy Lehidama I :
- "Matoky tokoa aka Ratsitantanina, fa Andriamanitra tsy mba namitaka na manao endrikenda ka foana Imandresiarivo Andriamanitra, fa mahalala sy nilaza ny marina ary tsy manafina ny hitsiny izy, fa izy tokoa no manao an'Anjalamanga izay ^onohian'Andriamasinavalona mandry sy Andriantsimitoviaminanandriandehibe sy ny 12 Nanjaka ; ka tanteraka avokoa izay niriko, ka nasehony tany ny heriny sy ny fahamarinana avokoa izay nasehony sy nambarany rehetra.
- 101- Dia mbola nianany hiany Lehidama I hoe :
- "Ratsitantanina : Tsara dia tsara ny ^onataony Imandresiarivo Andriamanitra tanin'Andrianampoinimerina. Nasiana ny lefona Andriaman-

Et cette source fut appelée "Source d'Imandresiarivo", ce qui est encore son nom jusqu'à ce jour. Et ce sont ceux qui ne connaissent pas son histoire qui l'appellent "la bonne source d'Ambatolampy". -96

Et quand Divin Imandresiarivo eut accompli ce prodige, Lehidama dit encore : -97

- "Je désire encore une autre chose et vais formuler une question à laquelle Imandresiarivo aura à répondre. Invitez-le à me dire s'il sait toutes les choses, - et que sa force et sa façon de faire n'ont pas changé : Quel était le nom de Tananarive autrefois, du temps d'Andriamasinavalona ?

Divin Imandresiarivo répondit devant tout le monde : -98

- "Le premier nom de Tananarive, ô Lehidama, était "Anjalamanga". C'est une terre que j'ai faite, et ce qui en fait Antaninarivo, c'est qu'elle est au milieu de l'Imerina, point central de la terre et sommet de montagne important que l'on voit des environs. C'est la raison pour laquelle Andriamasinavalona l'appela Antanànaniarivolahy. Et par la suite, on abrégé son nom et on l'appela Antanarivo.

Lehidama I fut satisfait parce que divin Imandresiarivo a pu parler des choses invisibles. -99

Ceci fait, Lehidama I dit : -100

- "Maintenant, Ratsitantanina, je crois effectivement que mon Dieu Imandresiarivo est un Dieu qui ne trompe ni ne se fie aux apparences, mais qu'il sait et dit ce qui est vrai, et ne cache pas ce qui est juste. C'est en effet bien lui qui fit Anjalamanga, là où Andriamasinavalona, Andriantsimitovianandriandehibe et les Douze-Régnants reposent de leur dernier sommeil. Tout ce que je désirais a été pleinement accompli ; il a manifesté avec sa puissance et dans la justice tout ce qu'il a fait et révélé.

Lehidama I reprit la parole : -101

- "O Ratsitantanina ! C'était très bien ce qu'avait fait mon Dieu Imandresiarivo du temps d'Andrianampoinimerina. On utilisa les sagaies

poina ka ny lefona no niforitra, tofirina ny basy izy ka ny lambany no anatazany ny bala, nokapaina ny antsy ka nilefotra sy tapaka aza ny antsy. Dia samy niaiky sy natahotra an'Andrianampoinimerina avokoa ny Ambanilanitra, ka hery manatona azy ka niaiky volana tsy hiady aminy, dia izy no tompo'ny tany.

102- Ka indro hiambo Ratsitantanina mba ho tofirina sy ho lefonina ; nefa anie, tsy helokao na (1) sora-damba tsy tiako no anaovako izany, fa filàko toky tsara ny Andriamanitra.

103- Dia niteny Ratsitantanina hoe :

- "Ataovy izay mahafanaritra anao ry Lehidama ; ary raha hitifitra ahy ny vahoaka, dia izany no tianao ? Ataoko tsy mipoaka akory ve ny basy, sa hataoko mipoaka hiany nefa rano no hivoaka amy ny vava-basy ?

Dia hoy Lehidama :

- "Ataovy daholo izany lazainao izany.

104- Dia nosasàhina ny vahoaka hitifitra ka ny fololahy (2) izay namely voalohany, dia rano mipàsaaka avy ao am-bava-basy. Ary nony namely indray ny 10 lahy taoriana, dia nipoaka hiany ny basy fa ny bala notatazany amy ny lambany ka tsy nisy naratra na narofa akory Ratsitantanina tamin'ireo bala be ireo.

105- Dia vao maika faly indrindra Lehidama I, raha nahita izany, ka hoy izy :

- "Matoky tokoa aho Ratsitantanina, fa manana an'Andriamanitra izay maharo ny basy mipoaka sy mahalemy ny vy ; ka andeha ho any Antsakaleva hitondra any Imandresiarivo Andriamanitra isika, fa ao no reko tsy mandry, (tsy manaiky ahy) ka misy voalavolahy homan'entana sy valala mifanipaka ankarona.

1) Ms : nao.

2) Ms : folahy.

contre Andrianampoinimerina et les sagaies se plièrent ; on tira sur lui avec les fusils et c'est avec sa toge qu'il parait les balles ; on voulait le taillader avec un couteau, et le couteau se pliait et même se cassait. Tous les Ambanilanitra obéissaient à Andrianampoinimerina et le craignaient ; et force leur fut de venir à lui en reconnaissant à haute voix qu'ils ne combattaient plus contre lui. Et il devint maître de la terre.

Et voici, vous Ratsitantanina, on va se permettre de tirer sur vous et de vous sagayer ; sachez toutefois que ce n'est ni pour une faute ni pour un dessin d'étoffe qui m'aurait déplu que je fais cela, mais pour être tout à fait sûr de mon Dieu. -102

Alors Ratsitantanina déclara : -103

- "Faites-en selon ce qui vous est agréable, ô Lehidama ; et quand le peuple va tirer à balle sur moi, que préféreriez-vous ? Faut-il que j'empêche les coups de partir ? ou vais-je permettre aux coups de partir, mais en faisant en sorte que ce soit de l'eau qui sorte de la gueule des fusils.

Et Lehidama dit :

- "Faites tout ce que vous avez dit là.

On partagea le peuple en deux pour tirer sur lui ; et pour les dix hommes qui tirèrent les premiers, ce fut de l'eau qui éclaboussa en sortant de la gueule des fusils. Et quand les dix autres hommes suivants tirèrent à leur tour, les coups partirent bien, mais Ratsitantanina reçut les balles sur sa toge, et il ne fut ni blessé ni écorché par l'une ou l'autre de toutes ces balles. -104

Et Lehidama I se rejouit de plus belle, quand il eut vu cela, et il dit : -105

- "J'ai vraiment confiance, Ratsitantanina, car j'ai un Dieu capable de protéger des fusils qui partent et d'amollir le fer. Aussi partons en Antsakalava pour y mener mon Dieu Imandresiarivo, car j'ai appris qu'il y avait là-bas des Insomnis, des rats-mâles qui rongent les marchandises et des sauterelles qui se donnent des coups de pied dans la corbeille.

106- Koa raha tsy Imandresiarivo Andriamanitro no entina any, dia tsy hisy hahatohitra azy, fa be basy sy vanja ny Sakalava fa ivarotan'ny fotsihoditra (Vazaha) ka tsara tandroka hiaro ny vozony izy ; fa Imandresiarivo Andriamanitro no mahatohitra izao, fa Andriamanitra tsy mety ho resy. Fa ity nosy Madagaskara manontolo ity no efa nomen' Andriamanitra an' Andrianampoininerina, fa tsy olon-droa no nomeny azy fa ny 12 Nanjaka. Ary izaho irery no nametrahany azy.

107- Koa handeha aho fa tsy haniraka olona akory fa efa manantoky lehibe aho manana any Imandresiarivo Andriamanitro izay hanorotoro ny Sakalava, ka ho gaga izy, fa Andriamanitra tokoa Imandresiarivo ka hialiky ho vahoakako.

108- Rehefa ^ovoalazany Lehidama I izany teny izany, dia nitsangana ka nanao fialàn-tsiny noe :
- "^oTarantitra aza narofy Ialahy ry Lehidama, mifanatera any ny Ambanilanitra. Izao no mba lazaiko aminao : Aza mitsanga-komana amin-izany hianao fa mipetraha eto Antananarivo, ka milaolaova eny Ambohimanga fa Imandresiarivo Andriamanitrao no omeo Miaramila 100 lahy ho vavolombelon'ny hanekèn'ny Sakalava ; fa ny basin'ny ao tsy hipoaka, ny lefon'ny ao tsy(1)

1) Ms : sy.

S'il n'y avait mon Dieu Imandresiarivo à y emporter, il n'y aurait rien que l'on puisse leur opposer, car les Sakalava ont beaucoup de fusils et de poudre que leur vendent les Peaux-blanches (les Etrangers) et ils ont de ce fait une bonne corne pour protéger leur nuque. Mon Dieu Imandresiarivo seul est capable de leur faire échec maintenant, car c'est un Dieu invincible. En effet cette île de Madagascar toute entière a été donnée par Dieu à Andrianampoinimerina, et ce n'est pas à deux personnes qu'il l'a donnée, mais bien aux Douze-Régnants (1). Et c'est à moi seul qu'il l'a remise. -106

Aussi irai-je en personne au lieu de me contenter d'en envoyer d'autres, car j'ai maintenant une grande assurance, ayant mon Dieu Imandresiarivo, qui pulvérisera les Sakalaves ; ils en seront ébahis, car Imandresiarivo est un vrai Dieu ; et ils se reconnaîtront pour mes sujets. -107

Quand Lehidama I eut fini de dire ces paroles, Ratsitantanina se leva et écarta le blâme : -108

- "Puisses-Tu parvenir à la vieillesse préservé de la maladie, ô Lehidama, puisses-Tu vieillir au milieu des Ambanilanitra. Voici ce que je me permets de vous dire : Ne vous levez pas au milieu de votre repas pour une telle chose, mais demeurez à Tananarive et divertissez-vous à Ambohimanga. A votre divin Imandresiarivo, donnez cent Militaires pour qu'ils témoignent de la soumission des Sakalaves ; les fusils des gens

1) Cette formulation a pu et peut encore surprendre. L'expression Ny 12 Nanjaka, que nous traduisons habituellement par "les Douze régnants", désignent selon l'interprétation courante les douze rois merina de la période antérieure au XIX^e siècle ; mais il est aussi difficile de dénombrer ces douze rois que les douze collines saintes, les douze femmes du roi ou les douze palladium royaux (il y en a quatorze dans ce recueil et tous n'y sont pas). Aussi cette expression n'est-elle pas à prendre à la lettre. Elle désigne soit la dynastie, soit l'un de ses représentants (ici-même Andrianampoinimerina). Par delà le ou les rois qu'elle désigne, elle exprime la nostalgie d'un passé politique idéal et la volonté de le maintenir. Toutes choses égales par ailleurs, à l'expression Tany ny 12 Nanjaka du XIX^e siècle correspond le Faha-tany malagasy "Les temps malgaches" du XX^e siècle.

hitselatra ary n'olona ao hanaiky anao. Fa ^omiantsinanan-doha ny tany,
ka eto Antananarivo no fivorian'ny soa.

109- Koa raha n'ny basy mipoka ao Antsakalava ao, na dia basy iray aza,
ry Lehidama I, dia teteho aho ka omeo ny alikan'Antananarivo, ary babay
ny vadiko aman-janako ka atao mpisorona afon'Antananarivo, fa misorona
sy mitondra laing'aminao Mpanjaka, fa tsy hianao no manameloka ahy fa
ny tenako.

110- Koa raha i sa Sakalava izao kosa no tsy hanaiky anao, ry Lehidama
dia mandà ny lohako ; fa tsy iza no nametrahan'ny 12 Nanjaka ity tany sy
fanjakàna ity, fa hianao ry Lehidama Manjaka, ka tsy miteny foana aho
izao, fa Imandresurivo Andriamanitra no manokatra ny vavako hanome toky
anao ry Lehidama fa ny 12 Nanjaka nametraka tamin'Andriambelomasina,
ary Andriambelomasina nametraka tamin'Andrianampoinimerina. Ary izy na-
metraka tamin'Ialany ry Lehidama.

111- Koa sasàra ny olon-kariva ny andro, fa izao tany Antsakalava izao,
tsy tany vao halaina na firefena vao ho tadiavina, fa Rangory no tompony,
zanak'Andrianilo ao Alasora. Ilaimbolamena no tompony vadin-dRangory.
Ilaimbolamena niteraka an-dRamitraho sy Razanamasoandro ary Razanamasoan-
dro niteraka an-dIambolamasoandro, ary Rambolamasoandro vadin'Andrianam-
poinimerina ; koa loharano nisehoanao ry Lehidama, ka tsy firy tompo

de là-bas ne partiront pas, les sagaies des gens de là-bas n'étincelleront pas dans l'air et les gens là-bas se soumettront à vous. En effet la terre tourne la tête vers l'est et c'est vers Tananarive que convergent tous les biens.

Donc s'il y a des fusils qui partent en pays Sakalave, même un seul, ô Lehidama, découpez-moi en petits morceaux et donnez-moi aux chiens de Tananarive, que ma femme et mes enfants perdent leur liberté et qu'on les mette à attiser le feu dans les foyers de Tananarive puisque je vous aurai, à vous le Roi, caché quelque-chose et menti ; et ce n'aura pas été vous qui m'aurez condamné, mais moi-même. -109

Quand aux Sakalaves, ô Lehidama, je ne saurai accepter qu'ils ne se soumettent à vous. Car ce n'est à nul autre que vous ô Lehidama Roi, que les Douze-Régnants ont confié cette terre et ce royaume. En ce moment, je ne parle pas à la légère, car c'est divin Imandresiarivo qui ouvre ma bouche pour vous donner toute assurance, ô Lehidama. En effet, les Douze-Régnants la confièrent à Andriambelomasina, et Andriambelomasina la confia à Andrianampoinimerina. Et il Te l'a confiée, ô Lehidama. -110

Aussi que se fatiguent les gens pour qu'on en soit au soir, car enfin ces terres du pays sakalave, ce ne sont ni des terres qu'il faut encore prendre, ni un lignage (1) qu'il faut encore rechercher, car c'est Rangory qui en était maître, enfant d'Andrianilo d'Alasora. C'est Ilaimbolamena qui en était maître, conjoint de Rangory (2). Ilaimbolamena engendra Ramitraho et Razanamasoandro ; et Razanamasoandro engendra Rambolamasoandro ; et Rambolamasoandro fut la femme d'Andrianampoinimerina ; c'est donc la source dont vous êtes issu, ô Lehidama ; ces terres -111

1) Ce n'est pas très clair. S'agit-il d'un peuple qu'on n'a plus besoin d'annexer ? ou d'un droit lignager qu'on n'a plus besoin d'établir.

2) On pourrait comprendre également ce passage ainsi : "Si Rangory en était maître c'est que son père était Andrianilo d'Alasora ; si Ilaimbolamena en était maître, c'est en tant que conjoint de Rangory". Cf notamment la fin de ce même paragraphe (tanin-dRangory).

fa hianao hiary no tompony. Imerina ireo fa tsy fahavalo, fa tany nodian-dRangory mandry sy Ralaimbolamena sy Ramitraho sy Razanamasoandro, ka tsy babo Antsakalava fa lovanao tanin-dRangory etc, ka tsy sahy hanondro basy anao ry Lehidama, fa matokisa hianao.

112- Rehefa nahare izany teny izany Lehidama, (fa lehilahy mailabava moa io Ratsitantanina io) dia nankasitraka azy.

113- Ary nony vita izany dia nanome ariary 100 an-dRatsitantanina izy, sady namaly ny teniny hoe :

- "Na dia apetraka hilaolao eto Antananarivo (1) sy Ambohimanga aza aho dia handeha hiary, ka raha misy ady dia miady aho, ary raha tsy misy ady, dia apanga no lazaina ka na hizaha tany sy hitifitra ny haolo hiary aza no hatao dia handeha aho mba ho any Antsakalava tanin-drazako, fa Imandresiarivo Andriamanitra no aoka hiteny amiko izao.

114- Rehefa voarindrina ny varavarana rehetra tao an-dapa, dia niteny Imandresiarivo Andriamanitra ka nanao hoe :

- "Ry Lehidama ô ! Anao ny tany sy ny fanjakàna ka hasina no hatolotry ny Sakalava ho anao, ka mandrosoa ka aza misalasala akory, fa lehilahy voafidiko hianao".

115- Nony nahare izany tenin'Imandresiarivo izany Lehidama dia nipiaka ampinga teo anatrehan'ny Ambanilanitra ka nivoaka nony ampitso Alahady maraina izy sy ny Miaramila.

116- Ary nony tonga tany Antsakalava dia tany nanatona azy ny Sakalava ka nanolotra ny fanjakàna ho any Lehidama, toy izao no fanolorany azy :

117- - "Tsy an'iza ny tany sy ny fanjakana, ry Lehidama, fa anao, fa samy lovanao Imerina sy Sakalava fa tsy fahavalonao ; koa raha mandà anao dia Isakalava no hihinana sy hamotipotika azy toy ny bala, na

1) Ms : Antananarivo.

n'ont donc pas plusieurs maîtres, et vous seul en êtes le maître. Ces terres sont l'Emyrne et non ennemies, car c'est le pays où sont revenus pour leur dernier sommeil Rangory, Ralaimbolamena, Ramitraho, Razanamasoandro. Le pays sakalave ne sera pas une prise de guerre, mais votre héritage foncier du côté de Rangory etc... Aussi n'oseront-ils pas pointer leurs fusils sur vous, ô Lehidama ; ayez donc confiance.

Quand Lehidama eut entendu ces paroles (ce Ratsitantanina était en effet un homme bien habile à parler), il l'approuva. -112

Et, ceci fait, il donna cent piastres à Ratsitantanina et répondit à ses paroles en disant : -113

- "Même si vous m'invitez à rester pour me divertir à Tananarive et à Ambohimanga, je partirai quand même ; et, s'il y a un combat, je combattrai, et s'il n'y a pas de combat, ce sont les fougères qu'on fera brûler ; et même si ce n'est que pour voir le pays et tirer les boeufs sauvages, je partirai pour le pays sakalave, pays de mes ancêtres. Mais que mon Dieu Imandresiarivo veuille bien maintenant me parler".

Quand toutes les portes du palais furent fermées, divin Imandresiarivo prit la parole et dit : -114

- "O Lehidama ! La terre et le royaume vous appartiennent ; et c'est le hasina que les Sakalaves viendront vous apporter. Allez donc et n'ayez aucune hésitation, car vous êtes l'homme que j'ai choisi".

Lorsque Lehidama eut entendu ces paroles d'Imandresiarivo, il manifesta sa joie en brandissant son bouclier en présence des Ambanilanitra. Lui et les Militaires partirent le lendemain matin, un dimanche. -115

Et quand ils arrivèrent en pays sakalave, les Sakalaves vinrent à eux et offrirent le pouvoir à Lehidama. Voici comment ils s'y prirent pour le faire : -116

- "La terre et le pouvoir, ô Lehidama, ne sont à personne d'autre que vous, car l'Imerina et le pays Sakalave sont tous deux votre héritage et non vos ennemis. Aussi, s'il y en a qui refusent votre autorité, ce -117

atsimo na avaratra na andrefana na ^oantsinanana, na aiza na aiza. Dia matokia hianao ry Lehidama zanak'Andriamanitra o ! fa ny Sakalava no Miaramilanao harory tany sy fanjakana ho anao. Milaolaova hianao ka ny haolo (ombidia) no ^otofiro, fa izahay Sakalava dia vahoakanao.

- 118- Dia nisaotra ny Sakalava Lehidama I, raha nahare ny teny marina nolazainy.
- 119- Dia faly koa ny Sakalava raha nahazo ^ofakasitrahana ^otamin'ny Lehidama I, ka nandroso omby volavita sy nanasin'Andriana ^otany ny vola tsy vaky.
- 120- Rehefa vita ny hasina, dia nandroso vositra 100 lahy sy vary sy vokatry ny tany ho any Lehidama koa izy.
- 121- Dia faly avokoa ny vahoaka ^onohon'ny naneken'ny Sakalava ; fa natao hiady, kanjo hasina no natolony, natao hifamono kanjo vokatry ny tany no narosony.
- 122- Izany no herin'Imandresiarivo Andriamanitra, nasehony ^otany ny Lehidama I tany Antsakalava.
- 123- Dia faly Lehidama I rehefa nanak'ny Sakalava, ka nanome vositra 10 lahy ^otany ny fahana ho an'ny mpitana any Mandresiarivo ; dia nod'ny Lehidama I rehefa nahazo fanjakana.
- 124- Raha vao hianao hiakatr'Imerina ny toby, dia nanasina any Mandresiarivo Andriamanitra Lehidama I.
- 125- Rehefa vita izany, dia nilaza ny tonon-kira hatao Lehidama I, toy izao :
- " Imandresiarivo Andriamanitra
- " Nilaza ny marina tsy mandainga

sont les Sakalaves qui vont s'en prendre à eux et les débiteront en petits morceaux de la taille des balles, que ce soit au sud, au nord, à l'ouest ou à l'est, ou n'importe où ailleurs. Ayez confiance, ô Lehidama, fils de Dieu ! car ce sont les Sakalaves qui sont vos Militaires pour rassembler la terre et le pouvoir à votre profit. Amusez-vous et chassez les boeufs sauvages, car nous Sakalava sommes vos sujets.

Lehidama I remercia les Sakalaves, quand il eut entendu les paroles justes qu'ils avaient dites. -118

Les Sakalaves aussi furent contents de recevoir les remerciements de Lehidama I; et ils présentèrent un boeuf volavita au Prince et lui offrirent le hasina de la monnaie-sans-défaut. -119

Après le hasina ils offrirent pour Lehidama cent boeufs coupés, du riz et des produits de la terre. -120

Tout le monde était content de la soumission des Sakalava ; car on pensait combattre et c'est le hasina qu'ils offrirent ; on pensait s'entretuer et ce sont des produits de la terre dont ils faisaient présent. -121

Voilà la puissance du divin Imandresiarivo qu'il manifesta à l'époque de Lehidama I en pays Sakalave. -122

Lehidama I fut heureux que les Sakalaves se soient soumis. Aussi donna-t-il dix boeufs châtrés comme cadeau d'hospitalité aux détenteurs de Mandresiarivo. Et quand il eut reçu le pouvoir, Lehidama I prit le chemin du retour. -123

Alors qu'on allait lever le camp pour monter en Emyrne, Lehidama I offrit le hasina à divin Mandresiarivo. -124

Ceci fait, Lehidama I donna les paroles du chant qu'il fallait exécuter ; les voici : -125

" Divin Imandresiarivo ,

" Dit le vrai sans mensonge,

- " E, tsara Imandresiarivo Andriamanitra
" E, tsara fa manome ny tany
" E, tsara fa manolotra fanjakàna
" Imandresiarivo Andriamanitra
" °Toa volan'Andriamaka
" °Toa volan'Andriamaka
" Milaza nyhaolo ho °tofirina
" Mampanaiky an' antsakalava
" Mampanaiky tsy miady e !
" Andriamanitra lava hitsiny sy lava rariny
" Tsy mahafoy olon-ko faty ;
" Soa e fa miasa .
" Nampanandroso ny loka-tsoa,
" Niantso ny fahavo lo tonga hiakatr'Imerina.
" E, Lehidama soa Andriamanitra !
" Manaraka ny mahery".

126- Ireo hira irao no °nasainy Lehidama I hatao hira °amy ny hiakarany Imerina.

127- Rehefa tonga tao Antananarivo Lehidama I sy Mandresiarivo Andriamanitra, dia nanao azy indray Lehidama araky ny fanao.

128- Lehibe tokoa ny °heriny Imandresiarivo Andriamanitra, fa na aiza na aiza tafika °nibondràny Lehidama I azy, dia tsy mba mety resy fa mandresy hiany, sady mandresy tsy miady.

129- Rehefa ela no nanaovany Imandresiarivo Andriamanitra soa dia niam-boho Lehidama ka lavo izay natao hoe : Rabodonandrianampoinimerina (na Ranaivalomanjaka I) no nanjaka, solon'ny 12 Nanjaka fanovan'ny Ombalahy be maso.

130- Dia nibory ny Ambanilanitra fa ny mpitahiry any Imandresiarivo Andriamanitra hian' no tsy nibory.

" Certes ! Divin Imandresiarivo est bon,
" Certes ! Il est bon de donner des terres,
" Certes ! Il est bon d'offrir le pouvoir,
" Divin Imandresiarivo,
" A tenu les promesses faites au Palais
" A tenu les promesses faites à la Cour
" Il a annoncé les boeufs sauvages à chasser
" Il a soumis le pays sakalava
" Il a soumis sans combat !
" Dieu d'une droiture infinie et d'une justice infinie,
" Qui n'abandonne pas les hommes à la mort.
" Il est béni car il reçoit le hasina
" Il a fait présenter la bonne récolte
" Il a appelé les ennemis à monter en Emyrne
" Certes ! Lehidama a un Dieu bon !
" Qui suit celui qui a la puissance."

Ces paroles Lehidama I demanda qu'on les chantât pour la montée -126
en Emyrne.

Quand Lehidama I et divin Imandresiarivo arrivèrent à Tananarive, -127
Lehidama I lui offrit à nouveau le hasina selon l'usage.

La puissance de divin Imandresiarivo était effectivement grande, -128
car où que Lehidama le conduisit à la tête de l'expédition, il ne fut ja-
mais vaincu, mais il ne faisait que vaincre, et vaincre sans combattre.

Quand il eut longtemps bénéficié des bienfaits de divin Imandre- -129
siarivo, Lehidama trépassa. Et ce fut Imavo; que l'on appela Rabodonan-
drianampoinimerina (ou Ranaivalomanjaka I), qui régna, remplaçant des
Douze-Régnants, substitut du Taureau-au-puissant-regard.

Les Ambanilanitra se rasèrent la tête ; seuls les gardiens de -130
divin Imandresiarivo ne se rasèrent pas la tête.

- 131- Raha vao hanjaka Ranavalomanjaka I, dia niloloha ny hasina hanasi-
nany an'Imandresiarivo Andriamanitra sy nandroso omby volavita teo ana-
trehan'ny Ambanilanitra sy ny tamdapany. Izany no voninahitra voalohany
°noman-dRandrianaivalona I azy °tamy ny andro nanjakany.
- 132- Ary taty aoriana kosa, dia mba nampiseho ny fitiavany an-dRanava-
lomanjaka I Imandresiarivo Andriamanitra ; ka raha misy mandà tsy ho an-
dRanavalona I, dia entina handresy ireo fahavalo ireo Imandresiarivo.
- 133- Tao atsimon'Isonjo, dia nisy fahavalo mandà an-dRanavalona I ; dia
Rainingory 16 Voninahitra no nitari-tafika tany sy nitondra any Mandre-
siarivo Andriamanitra. Tsy nisy adi-basy aman-defona akory tany, fa ny
rambon-danitra sy ny havandra sy ny varatra hiany no namely ny tanànan'
ny fahavalo. Dia nanatona sy niaiky ho vahoakan-dRanavalona I ireo fa-
havalo ireo ; ary satria manaiky ambava-basy ireo, dia natao andevo avo-
koa, na lahy na vavy na kely na lehibe.
- 134- Tamin'izany dia mora-vidy ny andevo, fa ny andevo 1 dia azo ariary
5, 3, 2, ary ny sasany ariary 1, sikajy 4, ary ny ankizy tsy mahazaka
lâlana iny dia azo angatahina aza.
- 135- Rehefa nody ny °mpiatafika ka nahare ny heriny sy ny lazany Rabodo-
nandrianampoinimerina, dia nitsena ny °mpiatafika tany °Iharandriana izy
ka nitondra mozika sy mpilaolao, hampiseho ny hafaliany ambony indrindra.
- 136- Dia nanao lanonana (fifaliana) lehibe ho an'Imandresiarivo An-
driamanitra izy ; koa raha nisy tafika aleha, dia izy hiany no mpandre-
sy na taiza na taiza.

Lorsque Ranavalomanjaka allait recevoir le pouvoir, elle porta -131
sur la tête le hasina qu'elle voulait offrir à divin Imandresiarivo et
elle présenta un boeuf volavita en présence des Ambanilanitra et des gens
du Palais. Ce fut là le premier honneur que Ranavalona I lui témoigna au
cours de son règne.

Et plus tard, divin Imandresiarivo manifesta lui aussi son affec- -132
tion à Ranavalomanjaka I. Et quand il y en avait qui refusaient d'être à
Ranavalona I, on emportait Imandresiarivo pour vaincre ces ennemis.

Au sud d'Isonjo, il y eut des ennemis qui refusèrent l'autorité -133
de Ranavalona I. C'est Rainingory 16 Honneurs qui y conduisit une expédi-
tion, emportant divin Imandresiarivo. Il n'y eut même pas de combat au
fusil et à la sagaie ; ce ne furent que la trombe, la grêle et la foudre
qui frappèrent les villages des ennemis. Ces ennemis s'en vinrent vers
Ranavalona I et consentirent à être ses sujets, et parce qu'ils s'étaient
soumis à la gueule des fusils, on les réduisit tous en esclavage, hommes
ou femmes, petits ou grands.

Par suite, les esclaves furent bon marché, car on avait un esclave -134
pour cinq, trois et deux piastres et certains pour une piastre et demie,
et les enfants qui ne peuvent supporter de faire la route, on pouvait
même les demander.

Quand les soldats rentrèrent et que Rabodonandriaenamponimerina -135
entendit parler de leur victoire et de leur gloire, elle alla à la ren-
contre de l'expédition à Iharanandriana et y conduisit musiciens et ac-
teurs, pour manifester sa très grande joie.

Elle organisa de grandes réjouissances en l'honneur de divin -136
Imandresiarivo et dès lors quand il y avait à faire une expédition,
quelle qu'en fut la destination, c'était toujours lui qu'on y envoyait
pour vaincre (1).

1) Autre traduction possible : "Par la suite, dans toutes les expéditions
où l'on se rendait, lui seul suffisait à emporter la victoire".

- 137- Rehefa nahavita soa ela tamin-dRanavalona I; izy, dia niamboho Ranavalona I (Rabodonandrianampoinimerina) ka Ikotoseheno (Lehidama II) indray no nanjaka nisolo ny 12 Nanjaka.
- 138- Izy dia nanadino an'Imandresiarivo Andriamanitra etc, fa tsy mba nahatsiaro azy toy ny 12 Nanjaka, ka dia nitondra tapany izy, fa tsy mba naharitra, ka nataon'ny olona hoe :
- "Nanaraka ny glon-tiany izy".
- 139- Izany no ^oniaparàny Lehidama II, dia Rabodozanakandriana (Rasohermanjaka) indray no nanjaka.
- 140- Rasoharina dia mpanjaka naka ny satan-dRanavalona I, ka nanome Voninahitra any Imandresiarivo, fa tsy novany ny fomba fanao taminy, fa norosoiny onby volavita teo Isoraka, dia nakariny tany Imanjakamiadana indray, ka nohasininy ^otamy ny vola tsivaky teo anatrehan'ny tandàpa rehetra.
- 141- Ary nony vita ny hasina, dia nampanateriny ^oamy ny Mozika teny Isoraka, nefa ny Andriamanitra rehetra tsy nisy nahazo mozika fa Imandresiarivo Andriamanitra hiany no nahazo.
- 142- Izany no voninahitra lehibe nomen-dRasoharina any Imandresiarivo Andriamanitra mihoatra noho ny Voninahitry ny Andriamanitra rehetra.
- 143- Ary ny soa vitan'Imandresiarivo Andriamanitra tamin-dRasohermanjaka kosa dia izao zavatra dimy izao :
I - Raha vao hanjaka Rasoharina, dia nisy tabataba lehibe teo Antanamarivo ^otamy ny Minister, fa nifanohitra nifanao andaniny avy : ny Minister andaniny, ary ny An-dafiavaratra an-daniny iray, ka Rainivoninahitriniony no Prime Minister tamin'izany, ary ny Betsarazaka no nitaiza any Lehidama II.
- 144- Dia nihaika ry Betsarazaka sy ny namany, dia novonoina ireo Minister ireo dia maty koa I lehidama II narahiny.

Quand elle eut pendant longtemps bénéficié de ses bienfaits, Rana- -137
valona I (Rabodonandrianampoinimerina) trépassa et ce fut Ikotoseheno
(Lehidama II) qui régna à son tour à la place des Douze-Régnants.

Lui, il négligea divin Imandresiarivo etc ; il ne se souvint pas -138
de lui comme les Douze-Régnants. C'est la raison pour laquelle il ne
gouverna qu'à moitié et ne sut pas se maintenir, et les gens dirent :
- "Il suivit les gens qu'il aimait".

C'est ainsi que finit Lehidama II. Ce fut au tour de Rabodozana- -139
kandriana (Rasoherimanjaka) de régner.

Rasoherina fut une reine qui reprit les pratiques de Ranavalona I. -140
Elle honora Imandresiarivo et resta fidèle au traitement qui lui était
réservé. Elle lui offrit un boeuf volavita à Isoraka. Puis elle le fit
monter à Imanjakamiadana, et lui offrit le hasina de la monnaie-sans-
défaut en présence de tous les gens du Palais.

Le hasina offert, elle le fit reconduire à Isoraka en musique. Il -141
est à noter que de tous les Dieux, seul divin Imandresiarivo obtint la
fanfare.

C'est là le grand honneur que Rasoherina fit à divin Imandresia- -142
rivo, -honneur supérieur à celui fait à tous les autres Dieux.

Quant aux bienfaits accomplis par divin Imandresiarivo pour Raso- -143
herimanjaka, ils consistent en ces cinq choses :

1 - Lorsque Rasoherina allait recevoir le pouvoir, il y eut une grande
agitation chez les Ministres à Tananarive, car ils s'opposaient et for-
maient des partis divergents : les Ministres d'un côté et les Andafia-
varatra de l'autre. C'était Rainivoninahitriniony qui était Premier Mi-
nistre à ce moment là et c'était Ibetsarazaka qui prenait soin de Lehi-
dama II.

Betsarazaka et ses compagnons lancèrent un défi. L'on mit à mort -144
ces ministres et Lehidama II qu'ils suivaient, mourut aussi.

- 145- Rehefa novonoina ireo Minister ireo, dia saiky tsy maty vonoina, fa notetehina ka nikambana hiany ny nofony sy ny taolany nomontsanina.
- 146- Dia hoy Ibetsarazaka sy Jamasah :
- " Raha mbola velona Radama II, dia tsy maty izahay.
Fa hoy kosa ny mpamono :
- "Maty Radama II".
- 147- Dia vao izay vao nilaza ny fadiny hamonoana azy Ibetsarazaka, ka nanao hoe :
- "Alao ary ny amboa mainty tokam-bolo, ka ongoty ny volony, ary asio fanjalitra ao an-katoko sy atodiakoho eo ^oatapin-kandriko fa hanaraka ny olon-tianany izahay.
- 148- Rehefa natao avokea ireo zavatra nolazainy ireo, dia maty ny Minister, Imandresiarivo hiany no nampilaza any Ibetsarazaka ny fadiny hamonoana azy.
- 149- II - Nilamina tsara ny fanjakana rehefa maty ireo Minister ireo, ka nanome Voninahitra any Imandresiarivo Andriamanitra Rasoharina.
- 150- Ary tato aoriana, dia maty Ratsitantanina (mpitahiry io Andriamanitra io) ; dia ^ozao no fandevenana nataon'ny Andriana azy : Vola ariary 100, lambamena 3, salaka mena 2, akanjo 4, Mozika dizeniny 2.
- 151- Ary Rafarahimanana indray no nitahiry any Imandresiarivo Andriamanitra.
- 152- Tsara tokoa ny fitaizany azy, fa izay hahasoa ny tany sy ny fanjakana no nataony.
- 153- III - Nisy fikomiana tao Imandridrano fa nananga-tsaho hoe :
"Velona Radama II, izaho no Radama II, etc." Dia nalaina Imandresiarivo Andriamanitra hiara-mihevitra izany. Ary nony tonga ny Andriamanitra

Quant on mit à mort ces Ministres, peu s'en est fallu qu'ils ne moururent pas de leur exécution car on les mit en morceaux, mais leurs chairs et leurs os que l'on avait broyés se reformaient aussitôt. -145

Alors Ibetsarazaka et Jamasah dirent : -146

- "Tant que Radama II sera vivant, nous ne pourrions mourir".

Mais les exécuteurs dirent à leur tour :

- "Radama II est mort.

Ce ne fut qu'alors que Ibetsarazaka indiqua ce qui lui était interdit pour qu'on puisse le mettre à mort et dit : -147

- "Prenez donc un chien uniformément noir et arrachez lui ses poils ; puis mettez une aiguille sur ma nuque et posez un oeuf au milieu de mon front, car nous allons suivre la personne que nous aimons.

Quand on eut fait tout ce qu'il avait dit, les Ministres moururent. C'était Imandre Iarivo lui-même qui avait fait révéler à Betsarazaka ses interdits personnels, afin qu'on puisse le mettre à mort. -148

II - Le royaume retrouva la paix, quand ces Ministres furent morts, et Rasoharina, pour cela, honora divin Imandresiarivo. -149

Et plus tard, Ratsitantanina (gardien de ce Dieu) mourut. Voici les funérailles que la Reine lui fit : une somme de cent piastres, trois linceuls, deux ceintures-tabliers rouges, quatre habits, deux dizaines de Musiciens. -150

Et ce fut au tour de Rafaralahimanana (1) de garder divin Imandresiarivo. -151

Le soin qu'il prit de lui fut vraiment grand, car il fit ce qui pouvait être bénéfique à la terre et au pouvoir. -152

III - Il y eut une rébellion dans l'Imandridrano, où l'on faisait courir des bruits tels que : "Radama II est vivant, c'est moi qui suis Radama II, etc". L'on fit venir divin Imandresiarivo pour conférer sur -153

1) Cf § 85

sy Rafaralahimanana mitahiry azy, dia nangovitra Rafaralahimanana rehe-
fa hiditra ao an-dàpa (fa entin-javatra moa ka), dia niteny hoe :

154- - "Izay ^Ohevim-panjakana hataonao dia vita, fa resy ny fahavalo
fa tsy mahatohira anao Rasoharina na iza na iza, raha mbola olombelona
mihinana ny hanina masaky ny toko-telo. Koa raha tianao Rasoharina sy
indro hianao Ravnivoninahitriniony, Prime Minister : Aoka hakariko ety
izao Ravoninjatovo izao ho tetehina, ary raha tsy tianareo ny hampaka-
rako azy ety dia ho tetehin'ny Sakalava namany hiary izy, -fidio izay
tianareo amin'izany.

155- Dia hoy ny Manjaka :
- "Aoka ho tetehin'ny Sakalava izy".

156- Dia hoy Rafaralahimanana :
- "Hijanona aty antanana hiary ary Imandresiarivo Andriamanitra, ka ra-
ha tsy tetehin'ny Sakalava, dia izaho no teteho ho hanin'ny amboan'An-
tanarivo.

157- Ary nony afaika iray volana, dia notetehin'ny Sakalava any And-
vakisakay Ravoninjatovo. Dia nolazain'Itsivikinina sy Imasombahy sy
ny namany tamin-Rasoharina hoe :
- "Maty Ravoninjatovo ka notetehinay.

158- Ary nony afaiza roavolana, dia nanasina any Imandresiarivo nangin-
gina Rainilaiarivony, ka nanao voady hoe :
- "Raha hitahy ahy hianao, ry Imandresiarivo Andriamanitra ka izaho no
tonga ho Prime Minister, dia manatitra omby hatao lanonana ho anao aho.

159- Dia hoy Imandresiarivo :
- "Raha tonga hianao, ka mijanona herin'andro, dia hianao ho Prime Mi-
nister.

ce sujet. Et, quand arrivèrent le Dieu et Rafaralahimanana qui le gardait, Rafaralahimanana se mit à trembler au moment où il entra dans le palais, (comment pouvait-il en être autrement puisqu'il était transporté par un esprit) et il dit :

- "Ce conseil de gouvernement que vous alliez faire n'a plus sa raison d'être. L'ennemi est vaincu, car nul ne peut s'opposer à vous, Rasoharina, tant que les hommes continuent à manger la nourriture cuite par le trépied. Aussi, si vous Rasoharina le voulez, et vous aussi Rainivoninahitriniony, Premier Ministre : qu'on me laisse faire monter ici ce Ravoninjatovo qu'on le réduise en morceaux, et si vous ne voulez pas que je le fasse monter ici, les Sakalaves ses compagnons le mettront en morceaux. Choisissez ce que vous préférez. -154

La Reine dit :

- "Que ce soit les Sakalaves qui le mettent en morceaux. -155

Rafaralahimanana dit :

- "Donc divin Imandresiarivo va rester ici, si les Sakalaves ne le mettent pas en morceaux ; c'est moi que vous devez mettre en morceaux pour la nourriture des chiens de Tananarive. -156

Et un mois plus tard, les Sakalaves d'Andavakisakay mirent Ravoninjatovo en morceaux. Alors Itsivikinina, Imasombahy et leurs compagnons dirent à Rasoharina :

- "Ravoninjatovo est mort et nous l'avons mis en morceaux. -157

Et deux mois plus tard, Rainilaiarivony vint en secret offrir le hasina à Imandresiarivo, et il fit le voeu suivant : -158

- "Si vous me bénissez, ô divin Imandresiarivo, et que je devienne Premier Ministre, j'offrirai des boeufs pour organiser des réjouissances pour vous.

Imandresiarivo dit :

- "Quand vous serez de retour et qu'une semaine aura passé, c'est vous qui serez Premier Ministre. -159

- 160- Ary nony afaka hateloan'andro, dia namely diamanga an-dRasoherina Rainivoninahitriniony, ary nony afaka indroa andro dia nirahin-dRasoherina ho eny Ambohimanga izy. Ary nony tonga indroa andro eny Ambohimanga Rainivoninahitriniony, dia Rainilaiarivony no nantsoin-dRasoherina ho Prime Minister ^o amy ny Madagascar, ary Rainivoninahitriniony dia tsy nahazo niakatra teo ^o Antaninarivo intsony.
- 161- Ary taty aoriana, dia naterina any Ambohimandroso izy fa meloka, ka natao gadralava tany.
- 162- IV - Rehefa Prime Minister Rainilaiarivony, dia namono omby hatao fanalàm-boady ho any Imandresiarivo tany Iberavina.
- 163- Ary nony taty aoriana, dia narary Rasoherina ka nentina any Antanimandry. Ary nony tonga avy tany kelikely Rasoherina, dia nikomy ny tety Antaninarivo, ka Rasata no natsangany ho mpanjaka, ary ny nanangana azy ho Andriana, dia izao : Rainimanonja 16 Voninahitra sy ny namanany rehetra (1).
- 164- Dia nohelohina ireo mpikomy ireo ka natao gadralava eny Andoharanofotsy ^o tany ny andron-dRasoherina. Fa iza moa no nananam-pò, fa tsy ho rà-be mandriaka tamin'izay ; kanjo narovan'ny ^o heriny Imandresiarivo Andriamanitra, ka vita moramora foana ka Rasoherina hiany no Manjaka.
- V - Nanao fifaliana ho an'Imandresiarivo indray Rasoherina ka namono omby folo hatao lanonana.
- 165- Ary nony taty aoriana, dia nalain'Andriamanitra hoany andanitra Rasoherina hanaraka ny 12 Manjaka, dia Ramoma (Ranavalona II) no nanjaka.
- 166- Raha vao hanjaka Ranavalona II, dia mba nalainy hiany Imandresiarivo sy ny Andriamanitra rehetra hitsio-drano azy. Dia faly tamin'izay Rafaralahimanana, fa ny mpanjaka moa naka ny anaran-dRanavalona I, ka iza indray no nanampo hafa afa-tsy ny hoe : Ho dorana indray ny mpanao batisa, fa Andriamanitra Imandresiarivo no hasandratra.
-
- 1) P.S. Nataony fa efa maty Rasoherina ka izany no nananganany Andriana.

Et, trois jours plus tard, Rainivoninahitriniony donna des coups -160
de pieds à Rasoharina ; deux jours plus tard Rasoharina le dépêcha à
Ambohimanga ; et quand Rainivoninahitriniony fut arrivé à Ambohimanga
depuis deux jours, Rasoharina appela Rainilaiarivony au poste de Pre-
mier Ministre de Madagascar, et Rainivoninahitriniony n'eut plus le
droit de monter à Tananarive.

Et plus tard, on le fit conduire à Ambohimandroso car, coupable, -161
il fut condamné à rester aux fers.

IV - Quand Rainilaiarivony fut Premier Ministre, il fit tuer des -162
boeufs à Beravina pour accomplir le voeu fait à Imandresiarivo.

Et plus tard, Rasoharina fut malade, et on la conduisit à Antani- -163
mandry. Rasoharina en était revenue depuis peu, que les gens de Tanana-
rive se révoltèrent et proclamèrent Rasata roi ; et ceux qui l'instituè-
rent Roi, furent : Rainimanonja 16 Honneurs et tous ses compagnons (1).

On condamna ces rebelles à porter les fers à Andoharanofotsy, -164
c'était sous le règne de Rasoharina. Qui aurait pu supposer qu'il n'y
aurait pas à cette occasion du sang versé à flot. Mais on fut protégé
par la force de divin Imandresiarivo. L'affaire trouva facilement sa
fin et Rasoharina fut seule à régner.

V - Rasoharina organisa de nouveau des réjouissances pour Iman-
dresiarivo, et tua dix boeufs pour lui faire fête.

Et, plus tard, Dieu prit Rasoharina pour l'emmener au ciel, afin -165
qu'elle y suive les Douze-Régnants. Ce fut Ramoma (Ranavalona II) qui
régna.

Lorsque Ranavalona II allait recevoir le pouvoir, elle fit quand -166
même prendre Imandresiarivo et tous les Dieux pour qu'ils la bénissent.
Rafaralahimanana fut heureux en cette occasion, car la reine prit le nom
de Ranavalona I, car qui aurait pu s'attendre à autre chose que ceci :
On va de nouveau brûler les faiseurs de baptêmes, et c'est Dieu Imandre-
siarivo que l'on va exalter.

(1) P.S. Ils croyaient que Rasoharina était déjà morte et c'est pourquoi
ils instituèrent un Roi.

- 167- Kanjo foana ny fanantenany, fa izao no tenin'Andriana :
- "Ankiniko amin'Andriamanitra ny ahy ny fanjakako, fa ho dorako ho levona ny sampy rehetra, izay Andriamanitra tsy izy".
- 168- Dia nirainina ho any Iberavina Raintavy 14 Voninahitra Dekan'ny Prime Minister sy ny namany ka nilaza io tenin'Andriana io hoe :
- "Ankiniko amin'Andriamanitra ny fanjakako, fa ho dorako Imandresiarivo, sy ny sampy rehetra".
- 169- Ary nony malaza izany tenin'Andriana izany, dia nanasin'Andriana Rafaralahimanana. Ary rehefa vita ny hasina, dia hoy izy :
- "Tsy anay Imandresiarivo, fa any Itompokovavy, ka izay ataony dia mahatarantitra izy.
- 170- Ary nony vita izany, dia hoy Raintavy 14 Voninahitra Dekan'ny Prime Minister:
- "Avoahy ary Imandresiarivo ho dorana.
- 171- Dia navoaka tao an-trano Imandresiarivo, ka nentina ^o any ny vatahazo nisy azy, dia nalaina tao anati-vata izy, mifono kitapo landy mena.
- 172- Rehefa nirainitra tsara ny afo teo alatrano (andrefan-trano somary atsimo tokony ho 1 1/2 refy ^o any ny trano) dia notsoahina tao anati-kitapo landy mena Imandresiarivo, ka natsipy ao anati-afo, dia may ny kitapo sy ny vorongony, hazo madinika etc, izay nomba azy rehetra, fa Imandresiarivo kosa nanelon-tsoratra tao anati-afo. Dia gaga avokoa ny olona nijery azy teo, ka nitampin-bava sy raiki-tahotra aza.
Hoy ny sasany :
- "May",
ary hoy ny sasany :
"tsy may, fa indro io hiany izy".

Mais son espoir était vain, car voici les paroles de la Reine : -167
- "En ce qui me concerne, je confie à Dieu mon royaume ; et je vais brûler et réduire en cendres tous les palladiums qui sont des Dieux qui n'en sont pas".

Et l'on dépêcha vers Beravina Raintavy, 14 Honneurs, Aide-de-~~ca-~~ -168
Camp du Premier Ministre, et son escorte et ils dirent les paroles de la Princesse :
- "Je confie mon royaume à Dieu ; et je vais brûler Imandresiarivo et tous les palladiums".

Et quand ces paroles de la Reine eurent été énoncées, Rafarala- -169
himanana offrit le hasina à la Reine. Et, après le hasina, il dit :
- "Imandresiarivo n'est pas à nous, mais à notre Dame ; et puisse tout ce qu'elle fait, lui procurer longue vie.

Ceci dit, Raintavy, 14 Honneurs, Aide-de-camp du Premier Minis- -170
tre, dit :
- "Sortez donc Imandresiarivo qu'on le brûle.

L'on sortit Imandresiarivo de la maison et on l'apporta dans la -171
boîte en bois où il était. Et on le prit à l'intérieur de la boîte. Il était enveloppé dans un sac de soie rouge.

Quand le feu flamba bien dans la cour de la maison (à l'ouest de -172
la maison, un peu au sud, à environ une brasse et demie de la maison), on sortit Imandresiarivo de son sac de soie rouge et on le jeta à l'intérieur du feu. Le sac et ses accessoires, morceaux de bois etc, qui tous le suivaient, brûlèrent, mais Imandresiarivo réagit en avivant ses couleurs dans le feu. Les gens qui le regardaient étaient tous ébahis, restaient bouche bée et même étaient saisis de peur. Certains dirent :

- "Il brûle",
et d'autres dirent :
- "Il ne brûle pas, car le voici encore".

173- Ary nony afaka kely, (raha mbola nifanohitra teo ny filawan'ny olona azy), dia nopaohin'ny rambon-danitra sy ny masoandro teo izy, ka maty ny afo. Ary tsy hita teo izay nalehany.

174- Dia niteny Raintavy 14 Voninahitra Dekan'ny Prime Minister

hoe :

- "Raha misy milaza hoe : "tsy may ; dia meloka, hoy ny Manjaka, fa may izy".

175- Ary izao no ^osariny Imandresiarivo Andriamanitra, raha noraisin' ny masoandro sy ny rambon-danitra tao anati-afo :

.....

Et peu de temps après, alors que les gens continuaient à émet- -173
tre des avis divergents, la trombe et le soleil vinrent l'enlever en
un clin d'oeil, et le feu s'éteignit. Et l'on ne vit pas où il était
passé.

Rainitavy, 14 Honneurs, Aide-de-camp du Premier Ministre, prit -174
la parole :
- "S'il en est qui disent qu'il n'a pas brûlé, ils sont coupables, a
dit la Reine, car il a brûlé.

Et voici l'image de divin Imandresiarivo, lorsque le soleil et -175
la trombe l'arrachèrent au feu :

.....
